760

MUSÉE D'ART ET D'ARCHÉOLOGIE DE L'UNIVERSITÉ
DE MADAGASCAR

TRAVAUX ET DOCUMENTS
XVII

ANDRIAMANANTSIETY Z. J.

# TANTARAN' ANDRIANAMBONINOLONA

17, rue du Dr Villette - Isoraka - Tananarive
1975

MUSEE D'ARCHEOLOGIE
760

TANTARAN'

# A N D R I A N A M B O N I N O L O N A

NOSORATAN' i Z.G. ANDRIAMANANTSIETY

nangonin' ireo zafiny

MISY TANY FANOLORANA NATAON'i

JOSEPH ANDRIANAIVORAVELONA,

PASTEUR

-oOo-

FAMALAVANA SY SAVA LALANA

Ntompokolahy Zakaria Jaona ANDRIAMANANTSIETY mpanoratra ny Tantaran'Andrianamboninolona, dia anankiray tamin'ireo sangan'ny Malagasy vita fianarana, tambany saokan'ny Misionera ngezalahy : ny Revs Robert TOY sy Georges COUSINS mbamin'ny namany tao amin'ny kolejy L.M.S. voalohany (1869-1874). 17 lahy izy no indray nianatra, ka ny malaza taminy rehefa avy nanao ny raharahan'ny Evenjalista nandritra ny taona vitsivitsy, dia nakarin'ny Fanjakana nanankinana ny adidy sarotra sady lehibe tao amin'ny "Valo toko", to' an-dRabezandriny Rainimampandry sy Andriamifidy tao amin'ny raharaha momba ny vahiny, Andriamananizao : momba ny fampianarana, ary Ralambotsirofo : atiantany. Josefa Andrianaivoravelona sy Z.J Andriamanantsiety, isan'izy 17 lahy, dia taranak'Andrianamboninolona. J. Andrianaivoravelona dia Mpitandrina tao Ambonin'Ampamarinana sy Anatirova, pasteur aumônier-n-dRanavalona II sy III, anankiray tamin'ny mpanitsy ny fandikana ny Baiboly ho fiteny malagasy mazava tsara, ary "Spurgeon-n'i Madagasikara" no mazàna fiantsondrizareo Misionera azy noho ny fahaizany mitoriteny. Z.J. Andriamanantsiety kosa dia Evenjalista tao Ambatomena, mpitoriteny mamin'ny olona ary nikoizana tamin'ny fahendrena sy fahaizana. Marakelin'Andriana no fiandohana nanaovany raharaha momba ny fanjakana. Dia nilatsaka Menamason-dRadama II, ka lasa komandy tany Ankarana (Farafangana izany). Nanamboninahitra niaraka tamin-dRainandriamampandry tany Toamasina. Rehefa Frantsay Madagasikara dia natao Governora teny Ambohidratrimo. Malaza sy fanta-bahoaka izy, ary maro mpankasitraka ny asany sy ny soratra nataony. Nanam-pahaizana manokana sady tena nahavatra tamin'ny famotorana sy fikarohana ny tantara maro izy ; ary fantatra fa teo am-panoratana ny tantaran'i Madagasikara izy no nodimandry. Izany fahaizany sy fahavarany manoratra izany no nahatonga azy ho Membre de l'Académie Malgache mandra-pahafatiny.

Ny Tantaran'Andrianamboninolona, razany, anefa no nahafinaritra indrindra an'Andriamanantsiety ny nanoratra azy. Nisahiranany fatratra, nitetezany ireo toerana maro eto Imerina, nanamarinany ny tetiarana fantany tamin'ny fandinihana ny lovan-tsofina sy ny fihainoana ireo Zokiolona mpitahiry ny vako-drazana, ny soratra navelan'Andriamanantsiety, izay efa voasivany tsara, ka azony ninoana fa tena marina.

Ny fotopototry ny Tantaran'Andrianamboninolona azonay hafohezina, dia arak'izao : Andriamananitany, tao Ambohitrandriananahary, zandrin'Andriamanelo tao Alasora, mpanjaka voalohany nalaza tamin'ny fanjakana Hova (1575 ?), dia novonoina noho ny fialonan-jokiny azy ; ary ny zananilahy natao hoe Andrianamboninolona dia nandositra, niery sy nonina tao Ambohitralantenina na Analamanitra na Ambohitromby ankehitriny, ka tonga razan'ny foko tao. Ny zanakavavin'Andrianamboninolona kosa, Ratsitohinina na Ratsitohina, izay novana ho Ratsitoinomanjaka, mba tsy hanovana ny hafatry ny razana ny amin'ny fifandiasana eo amin'ny fanjakana : "ny Alakamisy an'Andriamanelo, fa ny Zoma an'Andriamananitany", dia nalain'Andriamanelo ka nampanambadiany an-dRalambo zanany, izay nitenenany hoe : "Aza manary havana ianao, fa aoka ho kibo omby havana". Taty aoriana dia Andrianjaka, zanan-dRatsitoinomanjaka tamin-dRalambo no tonga mpanjaka nandimby an-drainy, noho izy nahavonjy tamin'ny tafika niantsoana azy, sady izy no mpanjaka malaza nanorina an'Antananarivo, Analamanga fahizay, sy nanao azy ho renivohitry ny fanjakany (1607 ?). Ao an-tampon'Andringitra, misy vato manerinerina atao hoe Ambatonandrianjaka. Teo amin'io toerana io Andrianjaka no nivavaka, nitanty tanan-droa hoe : "E ! Andriamanitra, Andriananahary ! Aoka ity tany ity mba hanaiky ahy mora, ho tany tsy alaina, ho vory tsy vorina, hilaza tsy anontaniana, tsy hisy basy mipoaka, tsy hisy lefo-manelatra. Aoka ity tany ity hanjakan'ny fiadanana sy ny fandriampahalemana". Avy eo izy dia nitodika nianatsimo, ka nitazana an'Analamanga. Nitranga tao an-tsainy ny faniriana an'io ho renivohitry ny fanjakany. Niezaka nianatsimo

izy, ka nitoby teo Andrainarivo. Raha nitazana ny donak'afon'Andrianjaka ny vazimba tao Analamanga dia niridana nandositra. Azon'Andrianjaka, tsy nisy basy nipoaka, tsy lefo-nanelatra Analamanga. Nametraka arivolahy honina teo amin'ilay renivohitry ny fanjakany izy ; dia nomeny anaram-baovao ilay tanàna, ka nataony hoe Antananarivo. Mbola misy sora-panorona eo amin'io Ambatonandrianjaka ao Andringitra io, izay lazain'ny lovan-tsofina fa fanaovan'Andrianjaka fanorona eo, (Vaovao Frantsay-Malagasy, 4 Août 1947). Ny toerana andrefan'ny hidin-dalamby ao Isotry, Antananarivo, dia natao hoe "Place Andrianjaka".

Hita amin'izany, fa Andrianamboninolona no loharanon'Andriana nanjaka teto Imerina, ary ny anaran'Ambohitromby izay Ambohitralantenina na Analamanitra fahiny, dia avy amin'ny hoe Ambohitrombihavana, na vohitry ny kibo omby havana, fa tsy vohitry ny omby manoto. Ke izany Ambohitromby tany amin'ny 70 taona lasa : be moonina fatra-pandala fihavanana, be voly nahavokatra fatratra, be biby ompiana nameno fahitra ! Ambohitromby : toerana mahasintona, ka nametrahana soratra tao ambany atsimon-tanàna hoe : "Site pittoresque". Andrianamboninolona no isan'ny foko fatra-piely indrindra ankehitriny. Saiky ahitana azy avokoa ny toerana sy ny sampan-draharaha vaventy sy mihaja eran'ny vazan-tanin'ny Nosy. "Ilo mby andoha tsy mba fanary" izany.

Aba ho famaranana, mamelà ahy mba hikalo ny amin'Andrianamboninolona sy Ambohitrombihavana toerana misy ny fasany sy ny tsangambatony.

Eroa atsinanan'Iarivo malaza,
Miorina an-tamponkavoana mideza,
Tsotsofin'ny rivotra mamy sy manga,
Tsy takona afenina hoatra ny sanga,
Fonosin'ny alan'aviavy madera
Tahaka ny andrian-kazo sedera :
Ao no ahitana 'lay toerana mamy
Sy tokana, fa tsy mba roa aman-tany !

Fonenana dia mahazendana loatra :
Ny maty sy velona ao : miara-mitoetra
Koa tsinjovin-davitra : mahamanimanina,
Kehefa tomorina : mampiontanontana !
Dray tena naresaka fony fahiny ;
Mangina mihitsy izy ankehitriny !
Na izany aza dia mbola maro mpandala
Lay "Site pittoresque" tian'ny mpandalo.

Tantara mampangorakoraka indrindra :
Handao ny akaniny, ka tafafindra
Avaratra, hamonjy ny aina mamy
'Lay mpandova an'Andriamananitany
Nenjehina noho ny fahamarinana :
Tsy maintsy niery sy nitady lalana ;
Koa rava tery teo ny kaonty vonoana :
Nandeha ra foana ny maso mpialona.

Ny voro-nenjehina : indro tafita ;
Fiarovana tsara sy mafy no vita,
Batria manda ala izay saro tafihina
No niafenan'Andrianamboninolona ;
Dia lahatry ny fahendren'ny Tsitoha
No efa nandamina 'zao mialoha,

Misiam'ny taranaka, olom-boafidy :
Mirakitra sata sy zo saro-bidy.

Ambohitralantenina fony taloha
No tena Ambohitrombihavana koa,
Fa kibo omby havana, tsy mialon-jafy,
Fo diavolan-dava, ka tsy mba mandrafy :
Io indrindra no akanin'ny Zanakambony (1)
Izay loharano niteraka ny ony,
Satria loharanon'Andriana nanjaka
Nahabe ny vohon'Aniveniriaka,

Ny Zanakambony tsy be mamarara,
Dia maro taranaka soa, tsara fara ;
O ! herak'ireny 'zao ny vazantany,
Kanefa tsy miery fa fatatra ihany,
Ilay toe-dohan'ny Zanakambony,
'Zay avo kanefa tahaka ny ony,
Fa misononoka, manala hetaheta
Sy manova volo ny toeran-drehetra.

Toerana ambony sy tena ilaina
Mba ho fanondrotam-panahy sy saina ;
Dia fanasoavam-bahoaka mihitsy
Ireny 'Zay maro, fa tsy mba vitsy ;
Dia tsy ambin-javatra hoatra ny kambo,
Fa loha dia loha kosa, ka tsy mba rambo ;
Loha tsy maditra, fa miaro ny rariny,
Sy loha tena fatra-pandala ny hasiny,

Ireo terak'Andrianamboninolona,
Dia nitana jafy izay vakodrazana ;
Koa mandrakariva izy sahy sy vonona
Hamonjy, hiaro ny fahamarinana ;
Dia lova soan'Andrianamboninolona
Ny mitsimbina aina sy zon'olombelona ;
Fijoro mahitsy mba tena ikirizany
No vato fandiavany, andry fiankinany.

Ny toetra tsy maoty, manaiky lembenana,
Ny rariny raha mba tototofana,
Ny hakanosana entina mila handitra :
Tsy zakany izany, andosirany lavitra ;
Koa dia fietrena 'zay tsy mampitsiky
Raha ny voninahitra be an-tsobiky,
No terena hafatratra an-patambary :
Fahafaham-baraka izay, ka maharary.

Ka dia toy ny sira ny asan'ireny,
Satria mahatsiro izay akaikeny ;
Toy ny masoandro izay manazava
Ireo loha-saha tsy hajomban-dava.
Ny Zanakambony ô ! hajao sy lalao
Tsy ho voapentina ny hasinao ;

---

(1) Zanakambony : anarana fiantsoana ny Andrianamboninolona koa.

Dia aza mandraraka ilo mby an-doha ;
Fa tano ny zonao satria lova soa.

Ao ny taolambalon'ny ray sy ny reny :
Voatahiry sady voarakitra any :
'Ndreo ny tenahon'ireo zoky sy zandry
Izay nialoha, dia any no mandry ;
Dia samy ho any, ho any tokoa,
Hiara-matory amin'ny fiadanana
Hiara mandresy ny herin'ny fasana ;
Koa raha mbola velona koa ny aina ;
Ambohitrombihavana tsy afaka an-tsaina !

Tsy hita mazàna e, fa lavitra akaiky,
Kanefa lalaina, fa mamin'Ikaky !
Ry Ambohitromby ô, Veloma ihany !
Ny hasinao e mandrosoa hatrany !
Na toa kely aza ianao : Nazareta !
Ny loharanon-tsoa, mitomboa, mahareta
Izay no tantara tsy hay hadinoina ;
'Zay no voninahitra tsy mba hamboina,
Fa fampielezana soa sesehena,
Ho fampisondrotana ny firenena.

Vita hatreo ary ny "Fanazavana sy sava lalana". Anjaran'Itompokolahy Andriamanantsiety ny sisa. Nodimandry tamin'ny 1917, teo amin'ny faha-85 taonany ny lohilahy. Ao Antenimbe izy no milevina. Ireo soratanana sasany navelany dia antenaina fa mbola havoaka boky amin'ny fotoana mahamety azy avy.

Fa mba ho fahatsiarovana ny fankalazana ny fitokanana ny Tsangambaton' Andrianamboninolona, izay efa tafajoro ao Ambohitromby, noho ny firaisan-kinan'ny taranany, sady andr ndraina tsy ho ela ity fotoana malaza ity, dia izany no tena anton'ny nanangonan'ireo zafin'Andriamanantsiety, sy namoahany ho boky ny soratanana navelan'ny raibeny momba ny Tantaran'Andrianamboninolona.

Koa dia inoanay tokoa fa hahafaly sy ho reharehan'ny Tarak'Andrianamboninolona tsy vaky volo ny hananana sy hitehirizana ity boky ity, izay vakodrazana fandala marina, mba tsy ho very talidy amin'ny taranaka ankehitriny sy ho avy ny hoe Andrianamboninolona.

Joseph Andrianaivoravelona.

TANTARAN' ANDRIANAMBONINOLONA

F i z a r a n a  V o a l o h a n y

Iza moa Andrianamboninolona ?

Andrianamboninolona dia olona irey ihany. Koa ny tetiarany dia itoviany amin'ny andriana rehetra teto amin'ny Hova. Ary ny taranany izay efa tonga firenena sy foko dia samy mipetraka ao amin'ny tanindrazany avy. Dia samy mbola holazaina amin'ny tetiarana izany sy ireo taranany izay nanjaka.

Taranak'iza Andrianamboninolona ?

Andrianamboninolona dia zafin-dRangitamanjakatrimovavy ; ary Andriamananitany zandrin'Andriamanelo nanjaka tao Alasora no rainy. Zanakalahiaivon-dRangita Andriamananitany.

Angamba tao Imerimanjaka Andrianamboninolona no teraka fa nanampy tsara an'Andriamananitany rainy izy raha nihavy an'Ambohitrandriananahary hatao fiarovana.

Randranomboahangy no reniny ary toa tsy nanana rahalahy na anabavy izy fa sady tsy voalazan'ny razana izany no tsy miseho amin'ny fandovana. Ireo mpanjaka loharano nipoiran'Andrianamboninolona dia milahatra araka izao :

Andrianamponga II tao Fanongoavana
Andrianamboniravina tao Ambatondrakorika
Andriandranolava tao Ambatondrakorika
Rafandrana tao Ampandrana
Ramasindohafandrana tao Ampandrana
Rafandrapohy tao Ampandrana
Rafandramanenitra tao Ambohimasombola

Rafandramanenitra sy Rafaramahery vadiny no niteraka an'i Rafohy, ary Rafohy no niteraka an'i Rangita sy Ratsiseranina. Rangita no voatendry nanjaka fa Ratsiseranina kosa nanoa.

Rangita dia nifidy an'Imerimanjaka ho renivohiny ary niteraka efatra, dia ireto avy :

Andriamanelo, lahimatoa
Andriamananitany, lahiaivo
2 Andriankotofananina, faralahy
ary Rafotsindrindramanjaka, vavy tokana.

Ahoana izany hoe manoa ?

Tsy misy tantara azo lazaina ny amin'ireo razan'Andrianamboninolona afatsy zavatra telo tamin'ny andron'Andriandranolava tao Ambatondrakorika sy zavatra iray tamin'ny andron-dRafandramanenitra Ambohimasombola. Tamin'Andriandranolava no niandohan'ny zanaky ny mpanjaka nifanoa fa tsy niara-nanjaka tahaka ny teo aloha. Satria Andrianaraony zokiny nanolotra an'Andriandranolava ny fanjakana ka dia nipetraka hanoa.

Ny teny hoe kabary ?

Tamin'izany fanjakana izany koa no nandrenesana voalohany ny teny hoe : Kabary, raha nampivory ny vahoaka handaharana teny Andriandranolava. Nanaitra ny vahoaka izany teny hoe Kabary izany ka nanontany an'Andrianaraony ireo. Fa hoy Andrianaraony : Tsy izaho no tompon'ny kabary fa Andriandranolava. Ny kabary izany dia tenin'ny mpanjaka ambara eo amin'ny fivoriana.

Ny hoe : Fanjakan'i Baroa.

Tamin'izany fotoana izany koa no nisehoan'ny fitondrana tsy moty natoon' i Baroa tamin'ny fihinanam-bahoaka. Fa natsangana ho lehibe tamin'ny fanjakana izy, kanjo nanandoka ny fananan'ny vahoaka izay nalainy tamin'ny anaran'ny mpanjaka kanefa notanany ho azy. Nanimba ny fandrosoan'ny fanjakana tamin'ny andron'Andriandranolava izany ka tonga anaram-pitery mandrak'androany ny hoe : Fanjakan'i Baroa.

Rafandramanenitra tao Ambohimasombola kosa no lazaina hoe : nahita ny levenam-bolan'ny Vazimba.

Dia izany no mba zava-nalaza sy tantara re tamin'ny fifandimbiasan'ireo razana mpanjaka voalaza eo ambony ireo. Kanefa tsy levona tsy akory ilay fanoavana nasehon'Andrianaraony tamin'Andriandranolava zandriny tao Ambatondrakorika, fa
3 tonga fanao taty aoriana izany. Mbola niseho izany tamin'ny nandrindran-dRangita ny zanany ho mpandimby azy amin'ny fanjakana. Narindrany hifandimby amin'ny fanjakana Andriamanelo lahimatoa sy Andriamananitany lahiaivo. Andriamanelo nataony hoe : Manjakà Alakamisy fa zoky ; fa Andriamananitany manjaka Zoma fa zandriny. Voalaza ao amin'ny tantaran'Andriana izany.

Andriamanelo sy ny Vazimba ary ny vy.

Ary niady tamin'ny vazimba Andriamanelo kanefa mbola velona Rafohy sy Rangita. Ka nony efa maty Rangita sy Rafohy, dia vao mainka nandroso niady tamin'ny vazimba Andriamanelo sy ny rahalahiny ary ny olony. Ary raha nahalala ny vy

hatao fiadiana Andriamanelo dia noronitiny tahaka ny longy ka nasisiny tamin'ny bararata. Ary nony niady dia nataon'ny vazimba ho tahaka ny fanao isan'andro ihany fa samy tanimanga nahosinkosina ka nasisika tamin'ny bararata no fiadian'izy rootenta fahizany, ka tsy mahafaty. Kanjo rehefa nandroso ka notorahan'Andriamanelo sy ny mpiadiny ilay longy nasisiny tamin'ny bararata ny vazimba dia maro no voa ka latsa-dra ary nisy voa tam-pamonoana aza ka maty ; dia vaky nandositra ny sisa. Dia nilaza tamin'ny namany ireo vazimba ireo fa ady samy tovolahy no niandohana ka hoy izy : Tsy azo ipetrahana intsony ity tany ity fa manao vy maniadina Andriamanelo ka mahalatsa-dra sy mahafaty, ka andeha isika hiala. Dia niala nankany Antananarivo izay natao hoe Analamanga na Ialamanga fahizany ny Vazimba.

Andriamanelo teo Alasora.

Dia niantsinanana nankany Alasora Andriamanelo sy ny rahalahiny ary ny olony. Tsara hono no anaran'Alasora tamin'ny vazimba. Dia teo Alasora Andriamanelo no namorina ny renivohiny fa Andriamananitany kosa teny Ambohitrandriananahary. Ary ny voalohan-panjakana natombok'Andriamanelo teny Alasora dia ny nanao hady manodidina an'Alasora mba ho fiarovana sy ho renivohitra. Dia nilaza tamin' ny vahoaka Andriamanelo fa hasiana hady manodidina Alasora ka hatao vavahady mihidy.

4 Andriamananitany teo Ambohitrandriananahary.

Ary nony nihady an'Alasora Andriamanelo, dia mba niera koa Andriamananitany hanao hady amin'Ambohitrandriananahary. Na dia efa noresena aza ny vazimba, tsy mbola afaka ahiahy Andriamanelo sy ny rahalahiny ary ny olony fa nisy koa fahavalo atao hoe Lavasatroka izay natahorany hiakatra taty Imerina. Kanjo tsy tafakatra ireo tsy akory tamin'ny andron'Andriamanelo. Tamin'ny andron-dRalambo vao tafakatra taty Imerina ireny Lavasatroka ireny ka namely an'Ambohigeno sy Ambohibato ary Ambohimanambola sy Ambohitrabiby, kanefa resy isaky ny miakatra izy.

Ary rehefa nahazo alalana Andriamananitany fa nekena hanao hady ho fiarovana an'Ambohitrandriananahary dia namory olona hiasa. Fa teo am-pihadina an' Alasora sy Ambohitrandriananahary dia hita tsara ny toe-tsain'izy mirahalahy, fa nahomby ny an'ilay zandriny. Iray volana mahery vao vita ny fihadina an'Alasora fa tapa-bolana kosa dia voahady Ambohitrandriananahary nateon'ilay zandriny. Nampidiran'olona fialonana Andriamanelo mpanjaka tamin'izany, satria manatra ireo mpanotrona an'Andriamananitany izy fa tsy nahomby teo imason'ny vahoaka tamin'ny asa natao. Koa dia niampanga an'Andriamananitany hoe izy ireo : "Mikomy Andriamananitany fa efa nahavita fiarovana an'Ambohitrandriananahary izy". Hiahiahy

Andriamanelo nony nandre izany ka dia tsy natoky loatra intsony ny zandriny. Fa rehefa nahalala izany kosa Andriamananitany dia niomana hiala teny Ambohitrandrianañahary ary nanao fangatahana tamin'Andriamanelo hoe : "Aza mangataka aho hanao vohitra eto avaratry ny an'ny Andriana ka ataoko Ambohimanoa no anarany ho entiko manoa ny zokiko. Niondrika hono Andriamanelo raha nahare izany fa tsaroany ny tenin-dRangita sy Rafohy. Dia nomen-dalana Andriamananitany hanao vohitra ao avaratry ny saha n'Andriamanelo ; fa Andriamanelo manana saha tao avaratra andrefan'Alasora izay natao hoe Antsahan'Andriamanelo no anarany. Ary Andriamana-
5 nitany namboly akondro sy saonjo tao Ambohimanoa ka niroborobo fatratra ny faniriany ary tafahoatra ny akondro ny saonjo. Nony hitan'ny mpanompon'Andriamanelo indray ireo dia nilaza tamin'Andriamanelo izy hoe : "Loza izao Andriamanelo fa tsy fombantany. Ny saonjon'ny atsy Ambohimanoa maniry ka tafahoatra ny akondro. Izany no saonjo mihoatra akondro. Hamadika anao ihany io zandrinao io ary tsy hanoa anao tsy akory ny tanàna ataony hoe Ambohimanoa fa hanohy anao hono". Tena mpanompo sampy sy mpanandro ary mpisikidy Andriamanelo ka taitra fatratra izy tamin'io filazana io ka velon'ahiahy lalandava tamin-jandriny. Fa rehefa fantatr'ireo mpanompon'Andriamanelo ireo fa tsy matoky ny zandriny intsony ny mpanjaka dia nanao hevitra izy hoe : "Aoka horoahina ny Ambohimanoa Andriamananitany". Ambohimanoa eny no rovatana izany lazainy izany. Rehefa hevi-poana nataon'ireo mpanompon'Andriamanelo izany, fa nanao ahoana moa ny ala be sy ny zetra tsy afaka aloha manaraka an'i Ropa fahizany, ary moa tany efa mandry sy milamina no dia ho azo iriariavana toy izany ! Fa novonoiny Andriamananitany ka toa tsy niarany tamin' Andriamanelo akory fa nataony hahafaly an'Andriamanelo izany. Kanjo hita tatv oriana fa nomen'Andriamanelo tany ireo niamboanga sy nitati-bolana an'Andriamananitany.

Ho amin'ny lovan-tsofina milaza ny tantaran'Andriana dia ity no voalohany nahitana ny mpanjaka natono ny mpiombon-dova aminy. Tonga fomba ratsy tamin'ny taranany taty oriana izany nataon'Andriamanelo izany.

Ny nandosiran'Andrianamboninolona rehefa maty Andriamananitany.

Randr nomboahangy no anaran'ny vadin'Andriamananitany ary renin'Andrianamboninolona. Ka asa na mbola velona izy na efa maty tamin'izao namonoana ny lahy izao, fa tsy mba voalazan'ny razana amin'ny lovan-tsofina izany.

Ary Andrianamboninolona nitondra olona roa ambin'ny folo lahy tamin'ny mpitaiza azy, dia niala teny Ambohitrandriananahary ka nahazo tao Antanjon'Andriana dia iny Mahitsiandriana, dia nitady an'i Varahina ka namantana tao Analamanitra

6 (Ambohitromby izany). Akoho be ala amperana an'i Merina fahizany, indrindra fa io Analamanitra io.

Ary nony herinandro taorian'ny nahafatesan'Andriamananitany, dia nahatsiaro Andriamanelo ka nanontany ny mpitaiza azy hoe : Fa nankaiza kosa moa Andrianamboninolona lehiretsy ? Fa hoy ny mpitaiza azy : Tsy hita izy tompoko hatrizay nahafatesan-drainy izay. Taitra fatratra hono Andriamanelo ka nanao hoe : Diso amin'ny tenin-dRafohy sy Rangita aho, fa izaho natao hanjaka Alasora ary Andriamananitany hanjaka zoma ; kanjo Andriamananitany ity maty ary ny zanany tsy hita. Dia nanome sy nanome tsiny ilay mitady-bolana sy ny mpanjaka an'Andriamananitany Andriamanelo. Fatratra ny tahotry ny mpanolo ny mpanjaka ny hafa-drazana, fa natahotra ho tsiny lehibe izany, ka mahakizo fara. Hita izany isaky ny mpanjaka andriana ka milaza ny hafatra sy hosongosan-tsoroka natao sy ampatra-dranona izay no dia misy hanova ny handika dia matesa izy ho faty ary veroza izay ho very. Izany no nahatsaitra an'Andriamanelo noho ny tenin-dRafohy sy Rangita ; hanefa Andriamananitany novonoiny ary Andrianamboninolona nandositra noho ny tahony.

<u>Andrianamboninolona sy Ambohitromby.</u>

Dia hoy Andriamanelo : Andeha tadiavo Andrianamboninolona, ka ataovy tsy maintsy hita izy fa malahelo azy aho. Dia samy nitady an'Andrianamboninolona oran'ny lafy afovoany ny v hoaka, fa tsy nisy nahita. Dia nilaza tenin'ny Andriana ny iraka hoe : "Tsy hita tompoko Andrianamboninolona". Fa tenin'ny indray alina koa, ny olona tao amin'ilay tanàna avaratr'Alasora sendra nitsingo nianavaratra ka nahatazana afo kely nanelovelo teny Analamanitra. Ary nony maraina dia lasa nilaza tamin'Andriamanelo ireo. Ary hoy Andriamanelo tamin'ny mpitaiza azy : Andehano zahao faingana fa andrao Andrianamboninolona izao. Ho rahoviana nozahana dia tratra tao izy teto am in'ny fofo lehy, dia Andrianamboninolona sy ny reo ambin'ny folo lahy nanaraka azy. Dia nilaza tamin'Andrianamboninolona ireo iraka ireo hoe : Tadiavin'ny Andriana hianao. - Fa hoy Andrianamboninolona : Matahotra aho laby ; fa maty ikoky, ka izany no nandosirako.

7 Dia niverina nankany Alasora ny irak'Andriamanelo ka nilaza hoe : Ao Andrianamboninolona tompoko, ary nilaza tamay ny teninao izy ka hoy izy : Matahotra aho laby ; fa maty ikoky ka izany no nandosirako. Vao mainka nalahelo Andriamanelo [illegible] izy [illegible] hoe : Andeha hianareo ka ilazao Andrianamboninolona, aza avela hatahotra izy, fa ny alaheloko azy no itadiavako azy. - Dia nandeha [illegible] ary Analamanitra indray ny iraka [illegible] an'Andrianamboninolona araka ny tenin'ny Andriana.

Fa nony nentin'ny irako niverina ho any Alasora Andrianamboninolona dia nita an'Iriamalema izy ka nahazo tao Ambohimangakely dia teny Andrefan'Ambohipeno. Rehefa tonga tao Ambodihady, dia naniraka nankany amin'Andriamanelo ireo irako nilaza hoe : Tonga ao Ambodihady Andrianamboninolona tompokolahy. Faly dia faly, hono, Andriamanelo ka naniraka olona nitondra teny nanome toky azy hoe : Aza matahotra hono hianao Andrianamboninolona fa homen-drainao ny mahatoky sy mahafatrapo hianao. Dia nandroso nankany Alasora Andrianamboninolona sy ireo irak'Andriamanelo ary izay ampanaraka azy. Dia nisotro vokaka sy nively rano Andrianamboninolona sy ireo mpanaraka azy. Ary nandray an'Andrianamboninolona tamin-kafaliana Andriamanelo.

Ilay tanàna tao avaratr'Alasora nahatazana ny afon'Andrianamboninolona teny Analamanitra dia raikitra anarana nandraka'ankehitriny hoe : "Mahatsinjo", satria nahatsinjovana ny afon'Andrianamboninolona.

Ity porofo amin'ny afo teny Analamanitra ity, nampahalala fa mbola vitsy dia vitsy ny olona tety fahizay. Ka fa ny afo nangirana no niheverana azy ho nisy olona. Tsy nisy olona noventanin'Andrianamboninolona sy ny mpanaraka azy teo Analamanitra.

Ary nampiseho hevitra tamin'Andriamanelo Andrianamboninolona, satria niahiahy izy sao hanely azy indray ireo mpanompon'Andriamanelo. Dia nampiditra hevitra izy, rehefa Ralambo zanak'Andriamanelo no notomoiny hanomboy azy aloha : satria raha sendra tsy tian-dRalambo izany hevitra izany dia izy no tonga mpisakana. Lavorary ny hevitra nokendren'Andrianamboninolona fa nanaiky tsara Ralambo. Noheverin'Andrianamboninolona manko fa ho toy ny mpandositra indray izy, raha tsy firaharahana tsara avy amin'ny andriana no hielany an'Alasora. Tany dia indray andro mianavaratra avy
8 ao Alasora no nidinihan'Andrianamboninolona tamin-dRalambo hanatahiny honenany, kanefa Ralambo koa no notaominy hiara-manao izany.

Samihafa ny foto-kevitr'izy roalahy tamin'izao fangatahana izao. Ny an'Andrianamboninolona moa, fiahiahiana ireo mpanompon'Andriamanelo no nitoliavany hialana an'Alasora. Fa ny an-dRalambo kosa, tokony ho afa maty Rabiby raibeny tamin'izany ka tiany raha nahazo ny tanin-dreniny izy.

Dia niaraka nanatona an'Andriamanelo mpanjaka izy roalahy, ka Ralambo no nangatahan'Andrianamboninolona hanao io fangatahana io. Tsy nisalasala Andriamanelo ny amin'ny fangatahan'izy roalahy fa nanaiky ; satria mbola nafana mihitsy ny fon'Andriamanelo tamin'ny alahelony an'Andrianamboninolona, ary Ralambo moa, manany rahateo. Sady afaka tsara izy roalahy, satria tsy ho azony atao ny mandohandeha foana raha tsy sitrapon'ny mpanjaka. Dia niera tamin'ny andriana izy roalahy hanitsaka ny tany dia indray andro mianavaratra nangatahiny avy. Nekén'Andriamanelo ny handehana-

ny, satria tsy nanana ahiahy.

Ny fanambadian'Andrianamboninolona.

Ary nony tafaverina izy roalahy tamin'ny diany nanitsaka ilay tany nangatahiny tamin'Andriamanelo, dia nifoha indray ny sain'Andriamanelo ka nanao hoe : Aiza no hita tanteraka ny tenin-dRafohy sy Rangita fa Andriamananitany maty, ary Andrianamboninolona ity hifindra any avaratra. Koa dia izao no nataony : Rafotsindrindramanjaka zanaka vavitokan-dRangita ary anabavin'Andriamanelo tolo mirahalahy dia natolotr'Andriamanelo ho vadin'Andrianamboninolona. Ka raha miteraka lahy io, hoy izy, dia handimby an-dRalambo amin'ny fanjakana ary raha miteraka vavy dia ho vadin-dRalambo ka rahatrizay miteraka ireo dia hitondra ny fanjakana. Dia izay no hahatanteraka ny tenin-dRafohy sy Rangita fa ny terakay mirahalahy ihany no mbola mitondra ny fanjakana navelany.

Araky ny filazan'ny razana, dia io no fanambadiana voalohany indrindra
nalana ondrana. Tena fady mihitsy ireo fanambadiana ireo fa Rafotsindrindra moa ana-
bavin-drain'Andrianamboninolona vavy tokana, ary Andrianamboninolona zanak'anadahin-
9 dRafotsindrindra. Fa nataon'Andriamanelo ho fanambadiana fanjakana ireo, koa dia na-
lany ondrana, nanaovana izay fanala fady rehetra.

Dia vita tamin'izany ny fanambadian'Andrianamboninolona sy Rafotsindrindramanjaka, ka lasa nankany Analamanitra izy mivady sy ny mpanotrona azy. Ary nanafatra sy namepetra Andriamanelo fa raha manan-janaka io anabaviny io dia tsy maintsy lazaina faingana aminy eny Alasora.

Nony tonga ny fotoana, dia nanan-janaka Rafotsindrindra ary nampandrenesina araky ny teniny Andriamanelo. Ka nony nahare izany Andriamanelo dia faly sady nitotorobika ka nanao hoe : "Raha vao teraka dia ampandrenesa faingana aho". Ary nampitondra zavatra hiandraisan-bohoka ny anabaviny izy. Tanteraka ny fotoana ka dia tera-bavy Rafotsindrindramanjaka ary nampandrenesina faingana Andriamanelo tany Alasora. Raha vao nahare Andriamanelo, dia nanao fifaliana lehibe ka nanao hoe : "Ataoko Ratsitoinomanjaka no anaran'izao zaza izao".

— o —

10 Fizarana f a h a r o a.

Andrianamboninolona sy ny taniny.

Satria tsy ra raha mahafantatra momba ny tanindrazany ny taranaka ankehitriny, ka dia holazaina ny tanin'Andrianamboninolona, ny faritra ary ny fomba nahazoany azy avy : Azony tamin'ny fandresena nanaraka ny mpanjaka, na ny nampidiran'ny mpanjaka azy satria mbola tsy nisy mponina, na ny lohombintany nomen'ny mpanjaka ho valin'ny soa nataony, na ny azony tamin'ny fampandrian-tany na ny azony tamin'ny fanangonan'olona. Izany no antony ananan'Andrianamboninolona sy ny taranany izao tany ipetrahany ankehitriny izao.

1. - Ambohitrandriananahary.

Ambohitrandriananahary no fonenan'Andriamananitany rain'Andrianamboninolona, rehefa nandresy ny vazimba teny Alasora Andriamanelo sy ny rahalahiny ary ny olony. Ary Andriamanelo nanorina an'Alasora ho renivohiny fa Andriamananitany kosa teny Ambohitrandriananahary.

Rehefa maty Andriamananitany dia nanao fangatahana tamin'Andriamanelo Andrianamboninolona. Ralambo zanak'Andriamanelo no nampanaovina io fangatahana io ary notaominy koa Ralambo hiara-mangataka aminy. Tany dia indray andro mianavaratra avy ao Alasora no nangatahin'izy roalahy tamin'Andriamanelo. Nanaiky ho alalan'io raharaha io Ralambo fa angamba nanantena hahazo ny lova amin-dRabiby raibeny koa izy tao Ambohitrabiby. Fa Ranaitsoanala zana-dRabiby tao Ambohitrabiby no renin-dRalambo, saingy novana ho mandapavola no anarany rehefa valin'Andriamanelo izy. Nekon'Andriamanelo ny fangatahan'izy roalahy satria tsy nisy nananany ahiahy.

Koa dia nanomboka ny diany niala tao Alasora Ralambo sy Andrianamboninolona. Nisaraka tao Ambohimangakely izy ; Ralambo nahazo tany Lanifasana ka nankany Ambohitrabiby, fa Andrianamboninolona kosa nahazo tany Analamanitra (Ambohitromby
11 izany) ka tafavaka tany Ankaifotsy. Nony efa niverina izy roalahy dia samy nilaza tamin'Andriamanelo tao Alasora ; fa Andrianamboninolona nataony hoe : "Ireo efa izay no faritaninao". Dia nifindra nianavaratra Andrianamboninolona ka nitondra ny vady aman-janany.

Tsy nofoanan'Andriamanelo tamin'ny zanak'Andriamananitany Ambohitrandriananahary, fa nameranany ihany ny taranany tany koriana, ka ireo izy mbola monina any ireo ny taranak'Andrianamboninolona.

2. - Ambohitromby sy ny tany momba azy.

Tsy mba azo tamin'ny fandresena, na lohombitany nomen'ny mpanjaka, na

tanin'ny fiandrasan-tany na tanin'ny fanangonan'olona Ambohitromby : fa taty aoriana vao nisy izany. Raha mbola vitsy dia vitsy ny olona fahizany, ka tsy mbola fantatra akory izay nova taty Avaradrano, fa Ralambo sy Andrianamboninolona izao no fantatsika fa nova avy tany Atsimondrano. Ary koa raha nandositra avy tany Ambohitrandriananahary Andrianamboninolona noho ny tahony tanin'ny nahafatesan-drainy, ka nitoetra tao Ambohitromby izy sy ny mpanaraka azy, dia toa tsy nisy olona akory hitany tao. Ary raha nandeha nitety ny harambato hatrany Ankaifotsy dia nandeha tanin'ny fiadanana izy fa tsy nisy nanelingelina azy na bibidia na olona. Koa izany no ahalalana fa tsy nisy olona akory aza ny tany sasany fahizany. Ary hita fa faritany mbola foana io nangatahin'Andrianamboninolona tanin'Andriamanelo io. Tsy mbola hary Andriantompokoindrindra fahizany fa taty aoriana izy vao napetrak'i Ralambo tao Ambohimalazabe ; ary nandresy an'Andrianafovaratra mpanjakakely tao Imerinkasinina Ralambo hampitoetra tsara an'Andriantompokoindrindra.

Fa Andrianandranando sy ny zanany kosa mbola tany Ambohipeno fahizany. Rafaralahiandriana tao andrefan'Ambohimailala, mpitantana tanin'Andriandranando nilaza fa maty tao Ambohipeno Andriandranando sy Andriamponandriana zanany lahimatoa ka naleviny ao Anjorofady ; ary izany no nanalan'ny mpanjaka zozoro maina tao taloha
12 hanaovana roborobo afo ny ankizy vao noforana. Asa na noheveriny ho mbola masina ihany Andriandranando na dia efa maty aza, satria ombiasan-dRalambo izy, na samy razan'andriana aza izy roa ireo. Tokony ho samy tao ihany izany angamba.

Ary ny taranak'Andriandranando nandeha nifindra honina any Namehana kanjo tsy nomena nipetraka tao izy satria be loatra ny bibidia nadinika tao Namehana, fa tanjona nandroso ho hentrina lohibe Namehana. Dia niverina izy ka nony tonga tao Ambohimailala dia nijanona ka nonina tao. Dia tonga filoharan'ny fonenan'Andriantelorаy mandrak'ankehitriny izany : Andriantompokoindrindra tao Ambohimalazabe, Andrianamboninolona tao Ambohitromby, ny taranak'Andriandranando tao Ambohimailala. Andrianamboninolona no tonga taloha indrindra amin'izao itoerany izao, fa Andriamanelo no nanome azy an'Ambohitromby sy ny tany momba azy. Ary Ralambo kosa no nametraka an'Andriantompokoindrindra tao Ambohimalazabe sy ny tany momba azy avy, nametraka ny taranak'Andriandranando tao Ambohimailala sy ny tany momba azy.

Ary izao no faritry ny tany misy an'Ambohitromby sy ny tany momba azy ; ilay nomen'Andriamanelo an'Andrianamboninolona :

Ambatonandriantsiorinana ka miankandrefana ao Andranonahoatra ; izany no mampisaraka azy amin'ny tanin'i Andiavato, Vakianandriamalana ao atsimo. Ny mametra azy ao andrefana : miorika an'Antsodrano ka ny atsinanan'ny tatatra, ary tafapaka ao atsinanan'Alatsinain'Ilanifasana dia mihoatra kely miankandrefana ao avaratry ny

tsena Alatsinainy ka mianavaratra dia mipaka amin'ny rano kely atsimon'Ambohidehibe ka miorika mianavaratra ao atsinanan'Ambohidehibe. Izany no mampisaraka azy amin'ny tanin'Andriandranando ao Andrefana. Dia mianavaratra any atsinanan'Ambahivoraka sy Itomanisafina ka miatsinanana avaratra ao Ambonga dia mianavaratra ao anelanelan' Ambohimarina sy Miaramasoandro ka mitsatoka ao amin'ny rano atsimon'Ambatolampy. Izany no mampisaraka azy amin'ny tanin'ny Tsimiamboholahy ao andrefana.

13 Dia miorika iny rano miatsinanana avaratra iny dia mianavaratra mahitsy ao anelanelan'i Manankasina sy Ambatoroka ; ary miatsinanana avaratra mankeny Avaradoha sy Bengodona ary mianavaratra atsinanana mankany Andrinkely sy Ampataka ary Tsarahovary dia mipaka ao Andriambony. Izany no mampisaraka azy amin'ny tanin'ny Mandiavato ao andrefana sy avaratra.

Dia mianatsimo mankao atsinanan'i Bongatsara sy Ambohitrahabo ; dia miatsinanana atsimo mankao Maheriandriana sy Marozano ary mitsatoka ao Vangaina. Izany no mampisaraka azy amin'ny ny tanin'Itrimoloharano foko amin'ny Tsimiahafotsy. Dia mivoal na iny rano kely iny, ka rehefa tonga ao Antanetilava dia manapaka mianatsimo miatsinanana mankao Antaninandro. Izany no mampisaraka azy amin'ny tanin'Itrimoloharano foko amin'ny Tsimiamboholahy ao atsinanana.

Dia manapaka an'i Maroavolana sy Antsahabe , ary mahazo ao anelanelan'Ambohipirinana sy Ankadivoribe dia mivarina ao an'ohan'Ambazaha ka mahazo ao atsinanan' Ambatonilambo sy Soanierana ka miamoita mianatsimo ao Andrangoroa ary manapaka miankandrefana mitsatoka ao amin'ny rano vodin'i Papango sy Anjozoro. Dia mivalana iny rano iny ka misampy miankandrefana atsimo dia tafahaona ao Ambatonandriantsiorinana. Izany no mampisaraka azy amin'ny tanin'Andriantompokoindrindra ao atsinanana.

Voalaza izao ny faritry ny tanin'Andrianamboninolona ilay nomen'Andriamanelo azy raha mbola tany Alasora izy. Fa misy tokony hotsarovana : Nisy tany nifampiditra tamin'ny tanin'Andrianamboninolona sy Trimoloharano : Tsararay ao atsimon'i Fiaferana, an'i Trimoloharano io taloha ka misy fasany aza ao. Ary Maheriandriana sy Marozano kosa sy iny andref na mamoitohy azy amin'Anosimanjaka sy Ambohimasina dia an'Andrianamboninolona. Fa nahay nifanaraka ny razana sy ny olom-baventy teo aloha, ka nampifanakaloziny ireo tany ireo : Tsararay lasan'Andrianamboninolona ary Maheriandriana sy Marozano kosa lasan'Itrimoloharano. Ary rehefa vita ireo takalontany ireo dia nifanantona tao Andranohandrona izy roa tonta ka nanao rohim-pihavanana tao ho an'ny tenany sy ny taranany mba tsy hifanisy ratsy ary tsy hifanary na amin'ny fahasoavana na amin'ny fahoriana. Aoka mba hotandraman'ny taranaka izany.
14

<u>3. - Antananarivo sy ny tany momba azy.</u>

Miara-maniraka ny be sy ny maro fa Antananarivo dia vodi-tata-maromanana, satria renivohitr'i Madagasikara izy. Efa nandany ron-doha taminy ela ny razana vao nahatafatoetra azy. Andrianjaka no voalohan'ny mpanjaka tamin'ny Hova naka azy tamin'ny Vazimba. Ary hatramin'Andrianjaka ka hatramin'Andriantsimitoviaminandriandehibe dia nandroso tsikelikely Antananarivo, sy ny namolahana an'i Betsimitatatra ho azo ho vary, ary ny nanatanterahana ny vazimba izay noresena teo. Lavorary sy nandroso tsara izany tamin'ny andron'izy telo mianaka ireo : Andrianjaka nampandroso tsara ny teny fikasany ny amin'ny nakany an'Antananarivo, dia nandamina tsara ny heviny ny amin'ny ho azo hatao amin'i Betsimitatatra. - Andriantsitakatrandriana zanany kosa dia efa niantomboka nanao mihitsy ; nifira ny kirihitrala sy nitandrina masondrano teny Betsimitatatra izy. - Ary Andriantsimitoviaminandriana zafin'Andrianjaka dia efa niantomboka nanao fefiloha tamin'ny loharano andrefan'Alasora, dia nifototra nanao ny tao Ankadimbahoaka. Ary tamin'Andriamasinavalona dia efa nandroso bebe kokoa Antananarivo ka niorina Imerina efa-toko.

Kanefa maro zanaka lahy Andriamasinavalona, ka rehefa lehibe ireo zanany ireo dia nosaronan'ny fitiavan-janaka ny fony. Nanao tsapa sokin-dKatiahosahirana izy, ka ny efa azo kosa no nalefany henjehina. Napetrany hanjaka isa-drenivohitra ny zanany efa-dahy, fa izy kosa nihevitra hipetraka ao Antananarivo ho afovoan'Imerina. Kanjo tsy nanao araka ny nokasainy ny zanany, fa mbola teo anatrehany aza dia nampiseho sampona Andriantomponimerina teny Ambohidratrimo. Ka nony maty Andriamasinavalona dia tsy nisy filaminana intsony Imerina, fa tonga niady an-trano. Nitampisambotra vady aman-janaka atao andevo, nifandatsa-dra, nampiditra mosary mafy, ary nanapaka ny firiariavan'ny olona tsy hahazo hifamangy amin'ny havana.
15 Nandritra ny taona maro no nitondran'ny vahoaka izany fahoriana izany tamin'ny hevi-diso nataon'Andriamasinavalona. Fa vao tamin'Andrianampoinimerina, ilay tao Ambohimanga, taranaka fahadimy amin'Andriamasinavalona no nanakambana an'Imerina ho fanjakana iray.

Koa noho izany dia indroa Antananarivo no nalaina, Andrianjaka naka azy tamin'ny Vazimba. Ary Andrianampoinimerina naka azy tamin'Andrianjakanavalomandimby tao Antananarivo sy ny terak'Andriantomponimerina tao Ambohidratrimo ary Andrianavalonimerina tao Ambohitrabiby.

Koa dia ny olona izay nikely loholika sy mainty laferana tamin'izany ka tsy nitandro ny tenany fa tonga be kotro sy maro holatra noho ny nanaovany izay hahandrian-tokana an'Andrianampoinimerina dia novaliany soa betsaka, nizarany an' Antananarivo ho an'ny tenany sy ny tarananany. Na ny tanàna, na ny tanimbary eny Betsimitatatra, dia nataony samy nanana isam-poko vao nozarainy isan'olona ka

tonga hetra hatramin'izao farany izao, kanefa Avaradrano ihany no nizara azy tamin' izany.

Ny an'Andrianteloray dia mbola milahatra ao Andohamandry atsinanan'Andohalo. Andrianjaka no nanao ny anaran'ireo tanin'Andrianteloray ireo raha vao hiakatra teo Antananarivo izy, fahiny oaka azy tamin'ny Vazimba ka tonga teo Ambavahadimasina, ao amin'ny Alahamadin-tanin'Antananarivo indrindra izany fitoerana izany. Ary nivavaka izy hoe : "Tsy ho roa amin'ny tany anie izahay Andriamanitra". Dia Ambohitsiroamanjaka no nataony anaran'io tany io mandrak'ankehitriny ; ary io no zaratokotanin'Andriandranando ao Antananarivo. Ary niakatra nianatsimo izy ka nony tonga teo Andohasandrin'Andohalo indrindra dia nananika teo ambonin'ilay vato ao avaratry ny fiangonan'Ambohitantely ankehitriny ary nitso-drano ny tenany hoe :"Ho masina anie aho Andriamanitra Andriananahary". Dia Ambatomasina no nataony anaran'io tany io, ary io no zara-tokotanin'Andrianamboninolona ao Antananarivo. Afola nianatsimo ihany izy, ka niditra ny ala kely teo amin'ilay havoana misy ny tranon-dRainiharo taty aoriana ; dia nataony hoe : Ifidirana no anaran'io toerana io, ary io no zara-
15 tokotanin'Andriantompokoindrindra ao Antananarivo. Fa nalain-dRainiharo nanaovana trano lehibe io anjara-tokotanin'Andriantompokoindrindra io ka lasa nifindra teny ambany atsinanana izy.

Izao no tany momba an'Ambatomasina, zara-tanin'Andrianamboninolona ao Antananarivo : Andrefan'Ambohidepona, Amboafantaka io misy ny tranomaizina ankehitriny atao hoe Antanimora, Antsakaviro izay nifampiditra amin'ny an'Andriandranando, ny atsinanan-dalana any Faravohitra ka hatrany Ampandrana ary mipaka hatrany atsinanan'Ampasandratsarahoby. Kanefa misy mifampiditra amin'ny an'i Andiavato sy Andriandranando ireo. Ary koa Ambatofotsy sy Ampandrianomby. Izay ny tanimboly.

Fa ny tanimbary kosa dia izao : Ankaibe andrefan'Isoanierana sy avaratr'i Lanivato ; ary Andavamamba sy Andohatapenaka sy Andranovory ary Antohomadinika sy Anjezika.

Izay no tanin'Andrianamboninolona momba an'Antananarivo.

4. - Amboniloha sy ny tany momba azy.

Amboniloha dia tsy tanin'Andrianamboninolona tany aloha, fa vao tamin' Andrianampoinime ina no nankaty no nanana ny teo, raha niady Andrianampoinimerina sy Andrianamboatsimarofy, dia atsimondrano sy avaradrano izany. Noho ny herimpon' ny Manisotra nanampy an'Andrianamboatsimarofy, dia nahatohitra mafy ny tafik'Andrianampoinimerina izy sady nisy koa ny aretina nendra sy ny mosary, ka inefatra noresena Antananarivo vao vita ny ady. Ary nentina niandry an'Antananarivo no ni-

hadiana an'Amboniloha. Zatolahy Andrianteloray no napetraka hiandry tany teo, nampian'ny Hova sy ny Mainty ; dimampololahy an'Andrianamboninolona ary dimampololahy an'Andriantompokoindrindra sy Andriandranando, fa misasaka amin'Andrianamboninolona izy roa tonta tamin'ny nanisan-dRadama rainy azy fahe i Fiadanana.

Ary nony efa nandry ny tany, dia hoy Andrianampoinimerina : Satria naharitra ny hafiny hianareo, fa niara-niaritra tamiko, ka dia omeko anareo kosa ny tany
17 izay hampandrianareo, honenanareo velona na hilevenan'ny maty na petsapetsa na tanety ka aza ilaozanareo. Izany no ananan'Andrianamboninolona amin'Amboniloha.

5. - Ankadindramamy sy ny tany momba azy.

Tahaka ny amin'Amboniloha ihany koa Ankadindramamy. Henti-miandry an'Antananarivo izy satria niverimberina loatra ny ady tao Antananarivo. Zato lahy koa ny lehilahy tamin'Andrianteloray no napetraka tao ; dimampolo lahy an'Andrianamboninolona ary dimampolo lahy an'Andriantompokoindrindra sy Andriandranando hampian'ny Hova sy ny Mainty. Samy mbola misy ao ny taranak'izany ; fa ny an'Andriantompokoindrindra no niala izy taty aoriana. Ary nony efa nandry ny tany, dia hoy Andrianampoinimerina : Satria niara-nikely aina tamiko hianareo, ka naharitra teo amin' izay nametrahako anareo, dia omeko anareo kosa ny tany izay hampandrianareo ; na petsapetsa na tanety dia azonareo honenam-belona sy hilevena-maty, ka ho lovan'ny taranakareo ka aza ilaozana. Izany no ananan'Andrianamboninolona amin'Ankadindramamy.

6 - 7. - Imerimandroso sy Ambohinime ary ny tany momba azy.

Imerimandroso no nataon'Andrianampoinimerina paositra lehibe ho manda hisakana an'Ambohimanga avy ao andrefana. Ary tsy Imerimandroso ihany fa nataony ambaratonga telo avy ao andrefana ireo, dia Imerimandroso sy Ambohidava na Andranovintana ary Ambohinime. Ao amin'ny Tsimahafotsy daholo ireo paositra telo ireo fa tao no vava-tany novontonin'ny Marovatana sy Vonizongo ka natao temitr'olona. Ary koa tao Ambohitriniarivo nisy ady mafy ka nanihina fatratra io tanàna io vao azo ka nametrahana mpiandry tany teo am-potony atsinanana. Samy misy an'Andrianamboninolona daholo ireo tany ireo, niara-nampandry sy niandry tany, fa ny tao Ambohidava no niala taty aoriana izy. Koa dia tsy nesorin'Andrianampoinimerina izy fa nataony torak'ireo efa nahatafandry tany ireo. Dia any mandrak'ankehitriny ireo taranak' Andrianamboninolona nahatafandry tany.

18 8. - Isoavinimerina na Ifiombonana sy ny tany momba azy.

Andrianamboninolona sy ny Zanadralambo ihany no napetrak'Andrianampoini-

merina tao, satria akaiky azy tao. Nomeny tany betsaka izy no petsapetsa na tanety, ka izany no nanaovana azy hoe Ifiombonana na noho ny amin'ireo tany ireo. Isoavinimerina no nataon'Andrianampoinimerina fitsinjovan'ny tafika avy any atsinanana ny amin'Ambohimanga. Razakandrianadio avy amin'Andrianamboninolona, lohiloha nahery an-defona, no napetrak'Andrianampoinimerina tao ho lohiloha (governora), Voatana tsara Isoavinimerina. Ary noho efa nandry ny tany dia nomen'azy Isoavinimerina, na petsapetsa na tanety, toraky ny an'ny nahatafandry tany rehetra ka ambola misy any Andrianamboninolona izao na ny fasany na ny taranany.

9. - Isoavinandriana sy ny tany momba azy.

Isan'ny tanin'ny Zafimamy Isoavinandriana taloha, fa tanin'ny namoandrian' Andrianampoinimerina an'i Vakinilovakamalona no nahazoana azy. Antsahabe no anaran' io faritany io taloha, fa rehefa natolotra an'Andrianamboninolona izy, dia natao hoe : Isoavinandriana. Lohombintany tanin'ny nahatafandry an'i Vakinilovakamalona no nanomezan'Andrianampoinimerina an'Isoavinandriana ho an'Andrianamboninolona. Ranefa Andrianomanjaka ihany no nomen'Andrianampoinimerina azy, satria ety loatra ny faritany imetrahany, ao amin'Ambohibola sy Ambatomandriana ary Ambohimerina ao amin'ny faritanin'Andrianamboninolona.

Ary izao no faritanin'Isoavinandriana sy ny tany momba azy : Ambohidehilahy sy Ankingatsa, ary atsimon'Ambohimahasoa. Izany no mametra azy ao atsinanana ka mampisaraka azy amin'Ihanjakana tanin'Andriantompokoindrindra, Ambohimahasoa sy Antsahavory ary manapaka ao ambon'Antanimafy ka miampita any Antsonjorano. Izany no mametra azy ao avaratra ka mampisaraka azy amin'ny tanin'ny Zafimamy Atsinanan' Imanoroana sy Ravoandriana ary Ambohitsararay. Izany no mametra azy ao andrefana ka mampisaraka azy amin'Itrimoloharano zanaky Tsimahafotsy. Ambatomiangadinganina
19 ary avaratr'Andratsay ka mipaka any Ambaviantitra. Izany no mametra azy ao atsimo ka mampisaraka azy amin'ny tanin'ny Volamiray zanaky Randiavato.

10. - Ambohidanerana sy ny tany momba azy.

Telopolo lahy sy telopolo vavy Andrianamboninolona no napetrak'Andrianampoinimerina tao Ambohidanerana. Izany hoe : nierana na lany ora tsara no nanorenana io vohitra io, ka izay naharitra ka nahatafandry tsara no tompony hatramin'ny faranany. Ny lalana rehetra andrefan'ny ala dia efa manify ny olona satria lasa nihoatra nankao amin'ny Bezanozano ny anakamaroany. Fa vao Andrianampoinimerina no nanamy olona honina tany. Dia tahaka ny tany Anjafy, vao nametrahana olona valonjato lahy sy valonjato vavy rehefa resy tao Ambohibeloma izy ka lasa nankany an-doatry

ny ala any amin'ny Bezanozano ny ankamaroany (Vakio Mpanolotsaina, Janvier 1912). Tsy ny teto Anjafy ihany fa ny tao atsimo koa nametrahana olona isam-poko avy amin'i Andiavato.

Toy izany koa ny lalangy ao atsimo amin'ny Vakin'Ampasina, izay nampidirina an'i Tsaravoninahitra, hatreo Antananarivo miatsinanana ka hatreo Iadiana no mianakandrofana, misy vohitra maro ireo avy amin'ny Tsimahafotsy. Misy koa Tsaravoninahitra avy amin'i Tsimiamboholahy napetraka any Iharanimalaza sy ny tany manodidina azy. Toy izany no nametrahana an'Andrianamboninolona ao Ambohilanerana, ka dia tonga tanindrazany.

Ary izao no faritany momba an'Ambohilanerana : Zafimamy no nametra azy ao andrefana sy atsinanana ; Tsimiamboholahy no nametra azy ao atsimo ; ary Andiavato no nametra ao avaratra. Mihamaro Andrianamboninolona ao Ambohilanerana.

## 11. - Ambatomena sy ny tany momba azy.

Tsy mba tany azo tamin'ny fanaovam-panjakana Ambatomena ; fa tany nanangana'olona an'Andrianamboninolona. Raha mbola tsy azon'Andrianampoinimerina ny tany tao atsimon'i Lavakamalona fahizany, ka nosamborina ho babo na ny andrefan'ny rano azo any atsinanana, na ny atsinanana azo any andrefana. Ary nisy olona mirahalahy, Rainizaza sy Andriamarofotoana zanak'Andriamanitrandriamboninoro tao Ambonisoa andrefan'Ankaifotsy, ilay faritany nalohan'Andrianamboninolona raha niala tao Alasora izany. Avy amin'Andrianamboninolona no rain'izy roalahy fa reniny kosa vehivavy Zafimamy avy tao Anosiravo.

Koa noho ny faharatsian'ny fitondram-panjakana nataon'Andrianjafy mpanjaka tao Ambohimanga, dia nandositra tany Anosiravo amin'ny tanin-dreniny Rainizaza sy Andriamarofotoana ; satria Andrianjafy mpanjaka naniraka olona nitsikilo izay manankarena sy manan-javatra nalaina. Koa nisy tenin'irony irany ireny nilaza an'Andriamanitr ndriamboninoro teny aminy hoe : "Fanjakana no anao Andrianjafy, fa hianao tsy mahalana tahaka an'Andriamanitrandriamboninoro. Izany no lehilahy ary tokan-trano, tsara trano be, farafara famolona, laom-barongy, sahafa famolona ary fanoto nato. Ny ombilahy ao am-pahitra tsara tarehy, ny rony omby terena, ary ny anfrilahy be hofaka sy ny zava-maina dia feno ny zorony. Ary maro zanakalahy izy, ka ny amalo-masaka sy ny hofak'andry ary ny tantely dia betsaka sy mitohoka ao an-tranony". Dia hoy Andrianjafy : Andeha alao ho ahy izany lehirotsy. Dia nandeha ny iraka handrava an'Andriamanitrandriamboninoro teny Ambonisoa ; ka nalainy aholo na ny ombilahy na ny omby terena, na ny anfrilahy be hofaka ary ny fanaka rehetra tao an-trano izay tiany halaina. Fa nony efa maty Andrianjafy ka nampandry tany Andrianampoinimerina dia

tonga hatrany Lavakavalona izy. Ary satria mbola natahotra an'Andrianjafy Rainizaza sy Andriamarofotoana ka tonga niroa-tany, tany Ambonisoa sy Anosiravo ka vaasambotra tamin'izany izy. Ary rehefa babo toy izany izy roalahy dia nilaza tamin'ny vadintany hoe : "Lazao an'Andrianampoinimerina lahy, fa manan-kavana sy tany izahay ka manatoto mba hiavo-tena". Fa hoy Andrianampoinimerina : "Sao manitoka ahy hianareo ka matiko anie". Tsy hanitoka anao izahay tompokolahy hoy Rainizaza sy Andriamarofotoana. Dia naniraka vadintany Andrianampoinimerina nankao Anosilava nilaza tamin'ny havan'izy roalahy hoe : Azo sambotra Rainizaza sy Andriamarofotoana ka mangataka hiavotena amin'Andrianampoinimerina ; ka manana harena hiavotan-tena va izy ?". Fa hoy
21 ny havany : Ny maty nalevina teto ary ny very navotana ka lany tamin'izany ny harena ; fa lehilahy izy ka mba asaovy hatoony izay hahafaka azy.

Dia niverina ny iraka'Andrianampoinimerina ka nilaza taminy. Dia tezitra Andrianampoinimerina ka nanao hoe : Hay hianareo tsy manana tsinona ka mandainga amiko. Dia hoy Andrianalahifohy (Rainizaza) sy Andriamarofotoana : "Izao no ambaraasy aminao Andrianampoinimerina, anay ny ampahefatr'i Vakin'i Ankaratra no miankandrefana ary Sahanjonjana no mianatsimo sy Lavatrandraka no mianavaratra ary Lavakamalona no miatsinanana. Ka anan'ananay anao ny anay amin'izao, ho entinay manaraka an'Ambohimanga sy Ilafy". Fa hoy Andrianampoinimerina "Sao mandainga amiko indray hianareo ka hotapahiko anie ny lohanareo e !" "Tapaho ny lohanay tompokolahy raha tsy marina izany", hoy Rainizaza sy Andriamarofotoana. Dia naniraka vadintany Andrianampoinimerina ka nanontany hoe : "Ano manan-tany amin'Anosiravo ampahefatr'izao faritany izao tokoa va Rainizaza sy Andriamarofotoana, fa ananananany an'Andrianampoinimerina ny azy". Manana izy hoy ny terak'Anosiravo, fa raha hanangananany an'Andrianampoinimerina ny azy, izahay tsy mahasakana".

Dia niverina ny iraka ka nilaza tamin'Andrianampoinimerina. Dia naniraka an-Kalala sy Andrianasolo amin'Andriamasinavalona izy, ary Razakafonimanga sy Ratsarazaka amin'ny Tsimiamboholahy, ary tamin'ny Tsimahafotsy nisy koa, hizara an'Ambatomena sy ny tany momba azy. Ary nanatatra Rainizaza sy Andriamarofotoana nanao hoe : Mihavianay lahy Andrianambaninolona ka aoka ny antsasany mba hanangananay azy ka hifidy tolopolo lahy avy izahay roa lahy hatsanganay. Fa hoy Andrianampoinimerina : Akeko ny hanangananareo amin'ny an-tsasany ; fa ny hifidy olona toy izany tsy ekeko fa ataovy volon-dronono ka atsangano daholo Miaferana rehefa hanangana hianareo". Tapaka tamin'izany ny firaharahana.

Dia nizara an'Ambatomena sy ny tany momba azy ny vadintany. Nosasahany ny tanànan'Ambatomena sy ny tanimbary ary ny tanety momba azy ; ka ny ila fanàna avaratra an'Andrianampoinimerina fa ny atsimo an'Andrianambaninolona. Ary nony niverina

22 ireo irak' ireo dia nilaza tamin'Andrianampoinimerina ny amin'ny efo natoany. Fa tsitra Andrianampoinimerina ka nanao hoe : "Diso aho,fa handeha avadiho, tsy izaho no hipetraka any fa i Tsimahafotsy sy i Tsimiamboholahy no ho any ao ny havako indray no atsimo". Dia navadika ka Andrianamboninolona no averatra mandrak'ankehitriny. Ary rehefa voazara ny tany, dia nitony Rainizaza sy Andriamarofotoana ka nanao hoe : "Avy amin'ny Zafimamy no ananansy izao tany izao, ka mangataka izahay lahy amin'ireo natsanganay ireo mba hisy hitondra ny hetra iray Tsimahavazina, fandrao maty maso ny anaran-dreninay". "Ekeko izany, hoy Andrianampoinimerina kanefa izao teniko izao tsy azonareo hihoarana : ny horon-dahy tsy miatsinanana ary ny anjovidy tsy miankandrefana. Hianareo tsy mahazo mamoa-jazavavy aminy, ary tsy maka ny azy ; fa hetra na isa-lahy amin'izay fonenany no hiarahanareo manao aminy".

Ary nisy lehilahy atao hoe Andriantsiamboniana, avy amin'ny Zanadralambo izy ary zanak'anabavin'Andriamarofotoana (fa samy hafa reny Rainizaza sy Andriamarofotoana). Nanatona an'Andriamarofotoana izy ka nanao hoe : Aba hiandry omby aty aho ry Ikaky, hipetraka aty aminareo ; dia nilaza tamin-dRainizaza Andriamarofotoana ; ity zanatsika nilaza hiandry omby aty ka hipetraka eto amintsika. Fa hoy Rainizaza : "Aoreno manoloatra ny anao eo ny orim-batony ; ary aoka izy homentsika ny ampahafiton'ny tany eto". Izany no nanan'ny terak'Andriantsiamboniana amin'Ambatomena.

Izany no antony ananan'Andrianboninolona an'Ambatomena sy ny tany momba azy ; kanefa mifampiditra amin'ny Zafimamy sy ny Zanadralambo ary ny Tsimahafotsy sy ny Tsimiamboholahy ny fonenan'Andrianamboninolona ao. Ka izao no tanàna misy an'Andrianamboninolona ao : Ambatomena, Ambondrona, Antsahakely, Antaninivinidy, Amparatanjona ; ary hatrany Anonta sy Ankafotra.

## 12. - Ambohitrony sy ny tany momba azy.

Tany azo tamin'ny fananganan'olona Ambohitrony fa tsy avy tamin'ny fanaovan-janjakana. Nisy vehivavy roa, ny iray Andrianamboninolona avy tao Fiaferana, fa ny iray kosa Zafimamy avy amin'ny zanak'Andriantompoina tompon-tany Ampanina teny 23 rahateo. Nisakaiza izy roa ireo ka nifankatia, fatratra sy nifanato-dra. Ary natoany izy tsy hifanalavirany amin'ny fonenany. Koa dia natsangan'ilay vehivavy Zafimamy ilay avy amin'Andrianamboninolona, ka Ambohitrony no nanangananay azy mba tsy hisarahany amin'ny fonenany. Ary nifanaiky izy roa vavy ireo mba hiray fasana rehefa maty, ka dia miara-milevina ao Lohavohitra izy izao, ataon'ny taranany hoe Andriamanitranivato, ary ataon'ny mponina any hoe Ampasaniziroavavy no anaran'io fasana io ankehitriny.

Tany kely foana Ambohitrony fa izao ihany no nametra azy : Atsinanan'ny

ory Manandra izy, ary atsimon'ny Zafimamy ao Ambohitrantenaina sy Andranovelona, ary avaratr'Ambohibary sy andrefan'Anjiro fonenan'ny Zafimamy.

13. - Androhibe sy ny tany momba azy.

Lohosohi-tany natoon'Andrianampoinimerina valisoa tamin'ny nanafihana an'Ambohijoky Androhibe. Ny karazan'Andriana ireo fanome isaky ny mahatafandry tany dia samy nahazo avokoa ; Andriandranando dia maro izy ao any, fa Andrianambonino-lona kosa dia vitsy foana no sisa any. Ao avaratr'Ambohijoky Androhibe, ary ao amin'ny faritanin'i Vakinisisaony izy. Izany no ananan'Andrianamboninolona amin'Androhibe.

14. - Fiaferana sy ny tany momba azy.

Ao Anjafy no faritany misy an'i Fiaferana, atsimon'ny ony Mananta izy ary avaratry ny ony Manandra. Faritanin'i Mandiavato izy.

Tao no nipetrahan-dRainiangotiana sy ny sihanaka vitsy izay nanjakany. Ma-nolotra ny fanjakany ho an'Andrianampoinimerina io Rainiangotiana io fa tsy mba na-naraka ny hevitr'Andriamafaitra sy Tohanitany izay namory Bezanozano sy olona be nahoana : ka nitokona tao Ambohibeloma hiady amin'Andrianampoinimerina. Ary Raini-angotiana novalian'Andrianampoinimerina soa be dia maty tamin'ny fiaferana ; io izy
24 milevina ao atsimon'Ambohitratakady io (Ambasamirova no anaran'ny fasany fa nasiana rova tao).

Tsy mba voalazan'ny razana mazava ny nahazoana io tany Fiaferana io, ka-nefa misy milaza fa tamin'ny nandresen'Andrianampoinimerina an'Ambohibeloma no naha-zoana azy. Fa Andrianamboninolona sy Andriandranando no miara-mipetraka any ankohi-triny, ka angamba voahiraka nanome toky ilay sihanaka vitsy nanjakan-dRainiango-tiana tao amoron'i Mananta izy ; satria tsy mba nanaiky ny hevitr'Andriamafaitra sy Tohanitany handa an'Andrianampoinimerina ireo, ka valisoa azony tamin'izany Fiaferana.

15. - Ambatomanga sy ny tany momba azy.

Ao amin'ny Bezanozano no faritany misy an'Ambatomanga ; ao andrefan'ny ony Mangoro izy ary avaratr'Angavo, ary atsimon'i Lanimototra sy farany atsinanana ny ala mitohy amin'Imerina.

Tao nanjaka Radama I ary mbola nisaona an'Andrianampoinimerina ny vahoaka, no nanafihana an'Ambatomanga. Satria tsy nety nanao fanajana ny fahafatesan'ny mpan-jaka izy ka tsy mba niakatra tao Antananarivo tamin'ny fandevenana ny mpanjaka. Tezi-tra Radama tao am-pandevenana an-drainy ka saiky tsy andriny aza ny fandevenana, ka raha vantany vao voalevina Andrianampoinimerina, ka vita ny tampi-masoandro dia hoy

izy : Raiso ny fiadianareo Raondriana, fa misy andevolahy mandatom-bo, ka hotafihintsika i Tanabolo sy Lanimanototra, ary izay nanaiky ny famokisany no nivory teo Ambatomanga hiodina tamin-dRadama. Voalaza amin'ny tantaran'Andriana izany.

Dia niainga ny tafi-dRadama hananika an'Ambatomanga. Haram-bato Ambatomanga ka hantsana lalina ny atsinanana, ary ny andrefana avo sady mitohy amin'ny avy aty Imerina. Aty kely foana ny tampon'io tendrombohitra io ka tsy mahalany olona maro toy izao koa ; fa ny zaza amim-behivavy no nafatrany tao, fa ny lehilahy no niambina. Ary nony nanihan'ny miaramila io tendrombohitra io, dia nivarina tamin'ny hantsana tany ambany atsinanana ireo zaza amim-behivavy ireo fa tsy nahatohana ny lehilahy. Ny sasany nivarina noho ny tahotra, fa ny sasany kosa mbola tanora dia ninia nivarina mihitsy, fa aleony hono maty toy izay andevo.

25 Ary nony vita ny ady, dia nanome loho bintany ny karazan'andriana dimy sy ny mainty Radama. Tao atsinanana sy avaratra ary atsimon'Ambatomanga ireo tany nomeny ireo. Andranomavo nomeny an'Andriandranando. Ny ao avaratr'Andranomavo ary atsananan'Ambatomanga dia an'Andrianamboninolona. Ny ao avaratry ny an'Andrianamboninolona ary atsinanan'Ambatomanga an'ny mainty. Ny ao avaratry ny an'ny mainty ary atsinanan'Ambatomanga an'Andriantompokoindrindra. Ny ao avaratry ny an'Andriantompokoindrindra ary atsinanana avaratr'Ambatomanga an'Andriamasinavalona. Ary Mangabe ao avaratr'Ambatomanga an'ny Zanadralambo. Izany no ananan'Andrianamboninolona tany ao Ambatomanga faritanin'Antanabolo ao amin'ny Bezanozano.

Ireo tanin'Andrianamboninolona dimy ambin'ny folo samihafa ireo, dia tsy nisy azo tankamorana afa-tsy Ambohitromby sy ny tany momba azy ilay nomen'Andriamanalo ; sy Ambatomena sy ny tany momba azy nanangonan-dRainizaza sy Andriamarofotoana an'i Fiaferana ; ary Ambohitrony nanangonan'ilay vehivavy Zafimahery avy amin'ny zanak'Andriantompoina an'ilay vehivavy Andrianamboninolona teo Fiaferana.

Fa ny sisan'izay dia nanaovan'ny razana ampinga loha sy manda tohezana niaraka tamin'ny mpajaka sy olo-malaza, ka tafandry Imerina vao afa-po izy. Dia ireny mbola tafapetraka amin'ny tany nampandriany ireny ny sasany.

— 0 —

26 Fizarana f a h a t e l o.

1. - Ny zanak'Andrianambaninolona izay tonga foko na firenena ka tononina amin'ny anarany hoe Andrianambaninolona.

Enina mianadahy no zanak'Andrianambaninolona : lahy telo, vavy telo : telo reny izy, dia :

Andriantomponarivo
sy Ramahazakafoloarivo — iray reny

Andriankafazaka
sy Ramabavy — iray reny

Andriantompoimanarivo
sy Ratsitoinomanjaka — iray reny

Zana-dRafotsindrindramanjaka ireo roa farany.

I. - Andriantomponarivo niteraka telo, dia :

a) - Andriantomponjato izay niteraka an'
Andriantsimangetaheta
Andriantsimandikamanana
Raonimanitsadahy.

b) - Andriamboatrandriana izay niteraka an'ireto :
Andriantsitakatra
Andriamahatsiravina
Andriandranondralambo
Andriampifonarivo.

d) - Ramatoamanana (vavy io) izay niteraka roa dia :
Andriantomponarivo
Andriandranofolo.

Ireto ny zafin-dRamatoamanana :

Zanak'Andriantomponarivo : Andriamanankasina, Andriandramantsa, ary vavy telo dia razan'Ambohitompo, reny iray ; razan'Ambonisoa, reny iray ; razan'i Fiaferana, reny iray.

Zanak'Andriandranofolo : Andriandranofolotomponiarivo, Andriandranofolobe,
27 Andriamahatsiravina, Andriantompokoralambo, Andrianjakanoandriana.

II. -Ramahazakafoloarivo. Tsy voalazan'ny razana ny anaran'ny zanany, nefa tonga maro ihany izy ary hita ao amin'ny nizarana ny tany ny anjarany.

III.-Andriankafazaka niteraka sivy dia :

Andriambavahady

Ratomponiandriana

Rapanarivobe

Andriamanitomponolona

Andriambefazaka

Andriankafazakamandimby

Andriamaninarivo

Andriambeharefo

Andriandahitompoina.

Ireo sivy ireo no zanak'Andriankafazaka, kanefa tsy fantatra na nateraný daholo ireo na misy zafiny fa ny anjara-lovany dia mitovy tsara.

IV. -Rambavy zanaka vaviaivon'Andriamboninolona ary anabavin'Andriankafazaka, dia tsy mba nanam-pandovana fa nanambady tany atsimon-drano, ka dia nanaraka ny fianakavian'ny vadiny. Nony taty aoriana vao nitantara ireo zanany ka nilaza fa zanak'Andrianamboninolona ka hody amin'Andrianamboninolona. Fa nolavin'Andrianamboninolona izany ka hoy izy : "Hianareo dia manan-dray, ary raha Rambavy no mbola velona ka rava amfanam-badiana dia ny ray aman-dreny sy ny anadahy no fodiana. Fa maty Rambavy ary ny anaran-drainareo ao ihany, ka dia ny anaran-drainareo arahina". Dia nanjina izy ka ireo ao Masindray mandrak'izao.

V. - Andriantompoimanarivo niteraka telo, dia :

a) - Andriamanimanarivo

b) - Andriankaradria izay niteraka an'ireto :

Andrianjahimpanarivo

Andrianjakazafindralambo

Andriankaradriamandimby.

28 d) - Andriamandambofotsy izay niteraka an'ireto :

Andriandambotompoimbe

Andriamihoatra

Rainingita.

VI. - Ratsitoinomanjaka. Telo ny zanany, dia :

Andrianjaka nanjaka teo Antananarivo ;

Andriambolofotsy, razan'Ambohitrantenaina sy Ambohitsoa sy Ambohimitsinjorano ary Ambohitrandriana sy Ambatolampy ;

Ravololondralambo izay tsy niteraka ary milevina ao Ilafy.

Katsitoinina tsy mba nanam-pandovana tamin'Andrianamboninolona fa satria manjaka ny zanany ka dia tany amin'ny fiandrianan'ny zanany izy. Fa nony maty izy, araka ny filazan'ny razana, dia nalevina ao Ambohipeno ao amin-dRanomboahangy reniheny.

Ireo voalaza ireo no zanaka sy taranak'Andrianamboninolona. Kanefa misy karazan'andriana hafa koa tafiditra amin'Andrianamboninolona. Ary amin'Andriamasinavalona ireo, ary taranak'Andrianifonamanjaka avy ao Ambatovory.

## Andrianimpanjaka

Ao amin'ny tantaran'andriana milaza an'Andriambelomasina dia nifanafika fatratra izy sy Andriantomponimerina zanak'Andrianjakanavalomandimby manjaka tao Antananarivo. Nomba ny fanjakana atsimo ireo zanak'Andrianifonana ireo taloha ; kanjo Andrianjakaifonamanjaka nangataka ny zanakavavin'Andriambelomasina ho vadiny ka tonga ambany fahefan'Andriambelomasina mpanjakan'Avaradrano izy ireo. Nahatezitra an'Andrianampoinimerina izany ka notafihiny Ambatovory ary azony babo Andrianjakaifonamanjaka sy ny zanakavavin'Andriambelomasina sy ny zafiny roa. Tsy tra-bonjin'ny mpanjakan'Ambohimanga izany tafika izany ka dia nanavotra ny zanany sy ny zafiny no nataon'Andriambelomasina.

Tamin'izany dia tery ireo zanak'Andrianifonana ireo fa Andriamananimerina mpanjakan'Angavokely sy Andriantomponimerina nipetraka matetika tao Antananamalaza nitana ny sisin-taniny dia samy nanery azy avokoa satria efa nanaiky an'Andriambelo-
29 masina, mpanjakan'Ambohimanga Andrianifonamanjaka. Kanefa lavitra Ambohimanga ka tsy nahatratra ny tafika.

Koa Andrianimpanjaka sy ny ankohonany dia nangataka tamin'Andriambelomasina hoe : "Vitsy izahay tompokolahy ka tsy mahatohana ny tafika ary lavitra Ambohimanga ka tsy tratra antso. Fa aoka izahay hifanatona amin'Andrianamboninolona dia hiaramiaro tena izahay". - Nahafaly an'Andriambelomasina izany ka dia nilazany Andrianamboninolona hoe : "Indreo ny namanareo hifanatona aminareo fa vitsy izy ka ny ao atsimanana mbola tsy mandry". Nanaiky tsara Andrianamboninolona ka dia nanao rohim-pihavanana fa hiray fileovana, hiray fitondrana na amin'ny mora na amin'ny sarotra.

Ary ny faritany nofaritan'Andrianamboninolona hipetrahan'Andrianimpanjaka dia holazaina amin'ny toko manaraka. Milevina ao Ambatonandriana Andrianimpanjaka, ary telo lahy no zanany, dia :

Andriandambotomponiandriana,

Andrianorambaratra,

Andrakenihanjaka.

## Andrianimpito

Araka ny lazain'ny foko ao aminy dia avy tany Ambohitrabiby Andrianimpito, avy tamin-dRalambo. Ula dia ela izany, k nefa tsy olona maro izy tamin'izany, ary tsy fantatra na ira-dRalambo izy na fifanatonam-pihavanana fotsiny tamin'Andrianamboninolona. Tao aoriana indray dia nisy zanak'anabavin'Andrianimpito nanaraka azy, Andriantompoinolombelona ; ka dia tonga fianakaviana izy ireo.

Ary nanafatra hono Andriampito rehefa antitra hoe : Atoovy mahatazana an' Ambohitrabiby lahy ny fasako rehefa maty aho. Dia nataon'Andriantompoinolombelona eo atsimon'Ambohitrakanga ary avaratr'Ankadibe ny fasany. Mahatazana tsara an'Ambohitrabiby raha eo amin'ny fasan'Andrianimpito.

Araky ny fomban'ny razana raha mbola vitsy ary nisy fopetra nomen'ny mpanjaka azy, dia notanany mafy ary nohamafisiny tamin'ny fanekem-pokonolona koa aza, fa
30 raha misy mandika izany dia nisarahany ka nesoriny tsy ho iray foko aminy. Natahoran'ny razana taty izany hoe : atao afo tokana. Nandady tongotra aman-tanana tamin'ny fokonolona ny olona atao toy izany.

Na dia izany anefa aza dia samy nitokantokana ho azy isam-poko avy, ary mahasaro-piaro ny foko isany izany. Fa vao taty aoriana tamin'Andrianampoinimerina, rehefa tafakambana ho fanjakana iray Imerina, no nanao antso ave nanerana an'i Imerina izy hoe : "Vory ny tany, ary mandry ny fanjakana sy Imerina, ka hanfahatra sy handamina ny fanjakana aho. Koa samia mody amin'ny firazanany sy tanindrazany, fa izaho tsy mahavery firazanan'olona sy tanindrazan'olona. Ka na iza mandoha tamin'ny ady mafy, na tamin'ny taon-tsarotra faha-vary iray no ariary, samia mody. Ary na iza andriana na andrian-drazana dia modia amin'ny tany maha-andriana. Fa raha tsy mody amin'izao fiantsoako izao hoy Andrianampoinimerina dia mainty ny tany mba mainty hianao, fotsy ny tany mba fotsy hianao. Ary raha misy kosa mba tafilitra, aza miavona aza mitaiko ; fa ny akoho no lohibe ny volony, ny rano no mandriana ny vato, ny andriana manjaka ny vahoaka. Ka samia mipetraka amin'izao fa izaho no maha-andriana." Dia nangina sy nilamina Imerina.

## 2. - Ny Mpanjaka izay avy tamin'ny taranak'Andrianamboninolona.

Andriambelomananjara, mpitantara nahay avy amin'Andriantompokoindrindra tao Malozabe andohan'i Mananara, nilaza fa hatramin'Andrianjaka ka hatramin'Andriamasinavalona dia mbola avy amin'Andrianamboninolona daholo ny mpanjaka ka mitohy tsara ny tetiaran'ireo. Andrianamboninolona sy Ratsitoinona no razan'ireo, dia : Andrianjaka, Andriantsitakatrandriana, Andriantsimitoviaminandriandehibe ary An-

drianasinavalona. Fa hatramin'Andriantsimitoviaminandriana II ka hatramin-dRanavalona III mpanjaka farany teto dia taranaka avy amin'Andrianteloray ireo.

Ary izao kosa no nolazain-dRafaralahiandriana avy amin'Andriandranando, taranak'Andrianampoinandriana tao andrefan'Ambohimailala :

31 Rafanompoambahoaka, hoy izy, avy amin'ny terak'Andriamponandriana, nanambady tamin'ny taranak'Andriantompokoindrindra. Tony efa lehibe Ratompoindraondriana dia nalain'Andrianasinavalona ho vady. Fa hoy ny taranak'Andriantompokoindrindra : "Raha hiaraka no maka Andriamasinavalona, ka hotaomy ho vady ny fitanana, fa tso-drano no ataonay tompokolahy. Manefa fiterahana no any, fa Ambohimailala no ahazaka ny raza, ka any hianao no toerany hiraharaha." Nanaraton-jaza angaha Andriamponandriana fahizay nomoka an-dRafanompoambahoaka, ka tsy sahy nanaraka an-dRatompoindraondriana ny terak'Andriantompokoindrindra.

Dia niraharaha tamin'ny terak'Andriamponandriana Andriamasinavalona ka nanao hoe : "Raka an-dRatompoindraondriana ho vady aho, ka tsy vola ny andevo no omeko no ataoko vodiondry, fa andrao maty ny mpanjakain, ary lany ny vola ka very tantara hianareo. Fa tany no hataoko vodiondry amin'ny hanambadiako an-dRatompoindraondriana ; ka indreo ny tanimbary ao Ankosirano andrefan'i Soamanandrariny ary atsinanan'Analamin ramany. Tsy ho faty ireo ary tsy ho lo ka hitantaranareo mandrakizay. Dia nanaiky ny terak'Andriamponandriana, ka nanao hoe : "Eny Andriamasinavalona, fa raha tonga eto amin'Andriandranando hianao manohy ny nentin-drazana ka maka an-dRatompoindraondriana ato amin'Andriamponandriana, dia hasina no ataonay, ary mitso-drano izahay.

Ary tapaka tamin'izany ny firaharahana fa dia hamoaka an-dRatompoindraondriana ho vadin'Andriamasinavalona ny terak'Andriamponandriana. Kanjo avy kosa ny terak'Andriakotohitsy, zanaka lahiaivon'Andriandranando sy ny terak'Andrianifotsy faralahin'Andriandranando. Nanome tsiny ny terak'Andriamponandriana izy, ka nanao hoe : "Nahoana hianareo no manaiky tany fa ny terak'izy telolahy tsy isy hefa na Andriamponandriana, na Andriakotohitsy na Andrianifotsy. Ka alain'ny mpanjaka ho vady Ratompoindraondriana, ka no hianareo ihany no hamoaka ? Fa aoka havoaky ny terak'izy telolahy izy.

Dia nanaiky ny terak'Andriamponandriana, ka nierahan'ny terak'Andriandranando namoaka Ratompoindraondriana ho vadin'Andriamasinavalona.

32 Tapaka tamin'izany ny fanambadian-dRatompoindraondriana tamin'Andriamasinavalona, ka natolotra ny tanimbary ao Ankosirano ho vody ondry ary dia isan'ny roa ambin'ny folo vavy vadin'Andriamasinavalona izy.

, Ary nitoraka an'Andriantsimitoviaminandriana II Ratompoinmanandriana, ka isan'ny zanaka tian'Andriamasinavalona. Dia napetraka tao Ambohimanga izy, nanjaka tamin'ny ampahefatr'i Merina. Nandresy an'Andrianjakanavalomandimby sy ny taranany tao Antananarivo, sady nandresy an'Andriantomponimerina sy ny taranany tao Ambohidratrimo Andriantsimitoviaminandriana II sy ny taranany tao Ambohimanga. Ary Andrianavalonimerina tao Ambohitrabiby, ilay zana-dRasolomananiambonitany : Isan'ny zanak'Andriamasinavalona efa-dahy napetrany tamin'ny renivohitra efatra toto Imerina izy. Noho ny fanosehan-dRasolomananiambonitany an'Andriamasinavalona tao am-parafara ka nianjera tany an-tany izy nitarika aretina nahafaty azy, dia nomezona Andriamasinavalona hoe : "Mesin'Andriantsimitoviaminandriana anie ny zava-tonta". Mesin'ny mpanjakan'Ambohimanga koa i Andrianavalonimerina tao Ambohitrabiby ka dia voaholoka ka norodahina ny nakany Ampontany, ka maty tany dia naleviny ao Ambohidrony. Ary Rasolomananiambonitany naterina any atsinanana ka maty tany dia nalevina ao atsimon'Ambohidazaina.

Dia ireto ny mpanjaka folo nifandimby :

| | |
|---|---|
| Andriantsimitoviaminandriana II | Radama II |
| Andriambelomasina | Rasoherina |
| Andrianjafy | Ranavalona II |
| Andrianampoinimerina | Ranavalona III |
| Radama I | |

Tam-pahibemason'ireo mpanjaka folo nifandimby ireo fa Andriantelorany no lehirano nihaviany ; satria izy no nitandrina mafy ny fitondrana ireo na tamin'ny fomba mpanjakana na ny fomban-drazana.

Tsy mbola niova ny Dynastie-n'ny mpanjakan'ny Hova hatramin'Andrianampoinimerina tao Fanongoavana izay anombohana ny tetiarana ka hatramin-dRanavalona III, fotoana naha-zanatany an'i Madagasikara.

——— 0 ———

33 Fizarana f a h e o f a t r a.

Ny nizaran'ny taranak'Izy Telolahy zanak'Andrianamasinavalona ny tany momba an'Ambohitromby, ilay nangatahany tamin'Andriamanelo.

Dia ind ny andro mianavaratra avy ao Alasora izao zarainay izao, ka efa voalaza mazava eo aloha ny faritr'ireo tany ireo. Tao Ambohitromby no nivoitra izy no nizarana tanao izao fizarana izao : ary toa samy mbola velona Andriantomponarivo sy Andriankafazaka ary Andriantompoimanarivo zanak'Andrianambonínolona, ka niteraka ny zanaka aman-jafiny nanatrika izao izarany ny taniny izao. Fa hotanany sy hotantaraina ny hatramin'ny fara aman-dimbiny izao.

## Ambohitromby

Ny tanàna Ambohitromby no nozarain' voalohany ka bitsy tsara ny halalinantsain'ireo razana ireo. Kanefa Andriankafazaka tsy hita toetra loatra, satria lehiaivo izy ka vita rahateo ny anjarany ; fa raha misy fizaran-javatra na tany, dia tsy nihotsira Andriankafazaka, fa afovoany na faharoa lalandava no filaharany. Fa Andriantomponarivo sy Andriantompoimanarivo no hita fa lalina loatra ny nifampitaomany eo amin'ny rohim-pihavanana sy fanekena n taony. Kanefa Andriantomponarivo no lalin-tsaina kokoa. Niahiahy izy fa anadahin-drenin'Andrianjaka Andriantompoimanarivo, ka andrao hohery na hanova toetra hafa manova ny firahalahiana ka nofikiriny mafy amin'ny fitoviana.

Notomahina telo niantsinanana sy andrefana ny tanàna Ambohitromby, ka tsy noty h atsimo Andriantompoimanarivo fa ny avaratra no noheverany ho ambony sy tsara. Ny rafy niantsinanana angaha no noheverin'Andriantompoimanarivo fa nanana fombafomba fomba 'ny ntaolo. Dia norohizan'Andriantomponarivo kosa ; fa "raha avaratra an-tanàna ary i nao dia izaho kosa no ho avaratra an-tsaha" hoy Andriantomponarivo. Tsy afa nitsoaka Andriantompoimanarivo fa tsy nintsy manaiky. Koa dia tonga filaharan'ny taranak'izy telolahy manao n'ankohitriny izany, fa ny tanàna izay misy ny taranak'izy telolahy dia ny taranak'Andriantompoimanarivo no avaratra. Toy izany Ambohitromby,
34 Ambohipiainana, ary Antanimbo izay vao nohadina tamin'ny andron'Andrianampoinimerina. Tsy toy izany kosa ny zara-tany ibary, fa i Fanongo, Ankentana, ary ny fanaovana torintany tao Amboara sy ny nizarana ny rano tao Andranomasina tamin'ny fanao amin'ny fanorana dia ny taranak'Andriantomponarivo kosa no avaratra.

Fanjaka tamin'izany ny fitonona ny taranak'Izy Telolahy ; fa avaratra an-tanàna Andriantompoimanarivo sy ny taranany, ary atsimo an-tsaha. Fa Andriantomponarivo sy ny taranany kosa atsimo an-tanàna fa avaratra an-tsaha. Ary Andriankafazaka sy ny

taranany tsy aha niova fa afovoany na faharoa mandrakariva no filaharany.

Ny fandaharany ny kianja tao an-tanàna.

Tao amin'ny tokotanin'Andriantompoinimerinarivo no nasiany fahibe vorivory toy ny fari-bolana. Tamin'ity fahitra ity no nanaovan'ny terak'Izy Telolahy ny lanonana tamin'ny hasoavana rehetra. Nivokivelo sy nampaka-drano tamin'ny famoran-jaza. Nihainogo fatratra ny ray amandrenin'ny zaza hoforana ary ny havana sy ny fokonolona dia manihy eo. Raha mampakatra mpinona sy mifanatitra ampitaha ny terak'Izy Telolahy dia eo no manihy.

Tao an-tokotanin'Andriantompoinarivo kosa no natao fikabariana, na kabarin' Andriana na fokonolona ; ary natao fisorona ny omby mandroana.

Tao amin'ny tokotanin'Andriakafazaka kosa no nisy ny tokotany be fanaovan' ny tao an-tanàna fandroribola, ny lehilahy an-daniny ary ny vehivavy an-daniny, ka matotika no rosin'ny vehivavy ny lehilahy. Ary fanaovan'ny tovolahy kianjana. Ary nisy vato kilanjy roa ; ny iray tokony ho roapolo kilao ary ny iray hafa ambin'ny folo. Ka isetraka eo an-tokotany be ireo ka rehefa hariva avy miasa ny lehilahy rehetra tao an-tanàna, dia mivory eo ka mifampitsapa hery samy manisy ireo vato ireo. Mahalasa notatra maromaro ny sasany, ka iorehan'ny lehilahy tafavery eo. Izany no fitondran'ny terak'Izy Telolahy tamin'ny fipetrahany tao Ambohitromby ronivohiny ; ary efa tokony ho vita ny hady fiarovana amin'Ambohitromby no nanao izany izy.

35 Ambohimiainana

Mozaraina tahaka an'Ambohitromby ihany koa Ambohimiainana. Ny avaratra an' Andriantompoinimerinarivo ; ary ny atsinanan'ny tokotany be kosa an'Andriantompoinarivo ; ary ny atsimo sy andrefan'ny tokotany be an'Andriankafazaka. Tsy nisy voalazan'ny rehetra ny fotoana nanaovana ny hady amin'ny tanànan'Andrianamboninolona afa-tsy Antenimbe izay voo nohadiana rehefa azon'Andrianampoinimerina ny fanjakana. Kanefa asa lehibe loatra itony nanaovana ny hadin'Ambohimiainana itony ary ny fiasana tamin'izany tsy vanombanona loatra. Ny hady nataony sady lalina no lehibe ; ary lavitra ny ranovelona nitarihiny nihadiana azy. Tany Ambohitantely ny rano notarihina ka nisy tevon-tany roa lehibe tao atsimon'Ankadindravololona sy andrefan'i Morovitsika no natsony hoe hahatonga ilay rano ho ao Ambohimiainana. Izany no mampiseho fa efa tonga maro ny taranak'Andrianamboninolona,fahiny izy nihady an'Ambohimiainana. Angamba tamin'ny andro nanjakan'Andriantsimitoviaminandriana II sy Andriambelomasina tao Ambohimanga no nihadiana an'Ambohimiainana. Fa tamin'ireo indrindra no niandohan'ny fimatrahan'ny fanjakana teto Imerina noho ny nataon'izy efa-lahy sy ny taranany ireo

na etrak'Andriamasinavalona isan-drenivohitra, toto Imerina. Koa noho izany dia samy voatery hiaro tena avy izy, ka nanao hadivory ho azy. Dia tapaka tanin'izany ny fizaran'ny terak'Izy Telolahy ny tanàna Ambohipiainana fa ny tany momba azy mbola hambara.

## Tany sy Saha

Ary teo Ambohitromby ihany no natombony ny fizarana, ary mbola Atsimombohitra vakin'Antsahafary ihany no nozaraina aloha. Vitsy Andriantompoimanarivo ka tsy mba nety nihoatra nankao Avarabohitra izy. Fa Andriantomponarivo sy Andriankafazaka kosa nizara : ny sasany nitana ny anjarany ao atsimombohitra ary ny sasany nankao avarabohitra.

Noho ny fahaizan'ny razana nifanaraka dia natoony be ny anjaran'ny terak'Andriantompoimanarivo na ny tanety na ny petsapetsa. Dia natomboka ny fizarana ny tany ka ny tanety aloha no nozaraina.

36 ny ka ny tanety aloha no nozaraina.

Ny an'Andriantomponarivo. - Dia ny atsinanana tandrifin'ny tokotaniny amin'Ambohitromby, tanety mianatsimo amin'Ambohitsiefa ary miatsinanana miampita ny rano dia hatrany Andrangeroa vao mianavaratra any atsinanan'i Soanierana dia tapaka ao avaratr'i Soaray ka tafahaona amin'ny faran'ny tanàna amin'Ambohitromby. Andriantomponjato no monina amin'izao faritra izao : sy ny anjarany amin'Ambohipiainana dia izy telolahy terany : Andriantsimangetaheta sy Andriantsimandikanana sy Raonimanitsadahy. Ao Ambohitromby amin'ny ilany atsinanana atsimo sy Ambohidehilahy ary Soanierana sy Ambohipiainana ny ampahatelony. Izay no fonenan'Andriantomponjato zanaka lahimatoan'Andriantomponarivo.

Ny anjaran'Andriankafazaka. - Mianka andrefana tandrifin'ny zara-tanànany amin'Ambohitromby, dia manapaka ao avaratr'i Fiadanana, ary tafapaka amin'Antsodrano. Dia mipaka ao Andranonahoatra, ary miatsinanana any Ambatonandriantsiorinana ka mipaka amin'ny faritany Vakinandriamalama, izay no fonenan'Andriambavahady lahimatoan'Andriankafazaka, sy Ratomponiandriana ary Ampanarivobe, dia : Ambohimalemy, Antanatanana, Fiadanana, Ambolotara ary Marololo sy Lohomby. Izay no anjaran-tanin'izy telolahy zanak'Andriankafazaka ary ny tokotany afovoany amin'Ambohitromby.

Ny anjara-tanin'Andriankafazaka amin'Ambohipiainana : Ny ampahatelon'Ambohipiainana, ny atsimon'ny tokotany be, sy ny atsimo andrefana no azy ; ary Andriamanitompoinolona sy Andriambefazaka no zanany mitana ny azy amin'Ambohipiainana sy ny tany momba azy. Ny atsinanan'Ambohitrikanjaka sy misy kely tafahoatra ao andrefana : Ambohimanarefo dia hatrany Antompoimbohitra, vodifetr'i Manganiambosy ao avaratra dia an'Andriamanitompoinolona izany. Imerikanjaka kosa, mipaka amin'Ampisatendroka, ny atsinanan-

dalana any Ambatomborokahaka ary mankany andohan'Andohalobe dia Andrefambohitra sy Ambodivona ; izany no an'Andriambefazaka.

Ireo lahy ny zanak'Andriankafazaka no mitondra ny anjarany tany ao Atsimombohitra : Andriambavahady, Ratompoaniandriana, Ramanarivobe : ao Ambohitromby sy ny tany momba azy ; Andriamanitompoolona, Andriambefazaka : ao Ambohipiainana sy ny tany momba azy.

37 Ny anjara tanin'Andriantompoimanarivo sy ny taranany : Efa voalaza etsy ambony fa vitsy ny terak'Andriantompoimanarivo, ka tsy mba nety nisaraka nankao Avarabohitra izy. Ary noho ny fahaizana'ny razana nifanaraka, dia natao'ny terak'Izy Roalahy be kosa ny anjarany noho ny azy amin'ny tany momba an'Ambohitromby sy Ambohipiainana. Raha efa tsy azo itsipahana azy am-ponenana na dia amin'ny fara aman-dimbiny aza, raha misy tonga monina ao Avarabohitra.

Ary izao no faritanin'Andriantompoimanarivo sy ny taranany : Miantomboka ao amin'ny fizarana ny tanana ao Ambohitromby ny hitsin'ny azy. Nozarain'izy telolahy zanak'Andriantompoimanarivo ny anjarany amin'Ambohitromby. Ny ao anjorofirarazana an'Andriamanimanarivo ; ny ao amin'ny fahibe manolotra ny an'Andriankafazaka, an'Andriakaradria : ny ao anjorombaravarankely ary avaratry ny an'Andriankaradria an' Andriamandambofotsy.

Ny anjara izany, fa izao kosa no fametra azy :

<u>An'Andriamanimanarivo</u> : Miantomboka amin'ny farany atsimo amin'ny tananan' Andriantompoimanarivo dia iny Ambatondrababany, ary mahazo ny sisiny atsimo amin'Amboarafilanonana, dia mipaka amin'ny fefiloha ao Ampasimbe. Dia any Avaratr'i Soaray, ka mipaka amin'ny lalana atsinanana Ambatonilambo. Ary miankandrefana manitsy ny vody saha ao Andraivombo dia iny atsinanan'ny hadi-lalana avaratr'Ambohitromby dia tapaka ao Ambodihady avaratra.

<u>An'Andriankaradria</u> : Miantomboka eo am-bavahady avaratra ary manaraka ny Ambatotsimiantranimeloka, ka ao afovoan'Antanetibe tandrifin'ny vavasaha Ampisatendro dia miatsinanana mahitsy any Ampamaho ka mampita ao avaratr'Ambatonilambo, ary mifanolotra amin'Andriamanimanarivo ao atsimo.

<u>An'Andriamandambofotsy</u> : Miantomboka ao ambavahady avaratra ao Ambohitromby ka ny andrefan-dalana, dia manaraka any Antanambao ary hatrany Ambatomborokahaka. Dia miampita miankandrefana ao avaratr'Ambatofotsy ary atsimon'Ambohitrimanjaka, ka

38 hatrany andohan'Andohalobe dia mipaka ao Ambohitrerana. Vao miantsimo ao avaratr'i Kianja, dia manaraka atsimon'Ambatolehibe ary mivalana an'i Madio ka tapaka ao ambodin'i Fanitsahana. Dia mivalana ny rano atsinanan'Ambohidehibe ka mipaka ao amin'ny

vavasaha Antohitokana ; dia mianatsimo ao atsin nan'ny arabe amin'ao Alatsinainy. Tapaka no avaratr'Alatsinainy ka ny avaratry ny arabe atsimon'Antenimbe sy Ambohitrakanga. Izay no anjara tamin'Andriamandambofotsy milahatra amin'ny Andriamanimanarivo sy Andriankaradria. Kanefa nahafahana ho an'Andriamanimanarivo sy Andriankaradria ny ilany atsimo, dia ny anjaran'Andrianivohoaka ilay nozarain'izy telolahy. Ary koa fahiny nihady an'Antenimbe namponenana ny dinampolo lahy hitondra ny fahafamin'ny Vakiniandrefana dia nahafahana an'Antenimbe ny anjara tamin'Andriamandambofotsy ; ary vao tamin'Andrianampoinimerina izany.

Tanimbary - a) Fapango

Tao Andaniomena no nivory izy fa azo at o indray mijery ny hetrina ao i Fapango raha eo. Hatrao Ampasimbe no mianavaratra ary hatrao Antsontsindranobe no mianatsimo no nozarazina fahizay. Raha vao hiantomboka hizara an'i Fapango araky ny isan' izy telolahy zanak'Andrianamboninolona izy dia nahatsiaro fa ny terak'Andriantompoinolombelona homena t ny koa.

Ary ny ankamaroan'ny terak'Izy Telolahy tsy tia an'i Fapango hizara maro, ka dia nif nao teny atsipy hoe : "Ay zalahy a ! an'inona no hatao anaran'ity fitoerana ity re !" Teny efa nifanomezana ka dia namaly ny sasany hoe : "Andaniniomena re!" Dia anaran'io fitoerana io mandrak'ankehitriny izany, saingy niova kely hoe Andaniomena. Dia nifankahazo tamin'izany ny terak'Izy Telolahy ka dia hizara an'i Fapango izy ; fa ny Ankentana no hanomezana ny terak'Andriantompoinolombelona.

Ary nizara ny tanimbary ao Fapango ka dia natao araky ny fomba. Hitsin'ny vavasaha Ampisatendro dia tafapaka amin'ny vodi-tanety Ambatonilamba, ary tapaka ao Ampasimbe no mianavaratra atsinanana sy andrefan'ny ony. An'Andriantompoimanarivo izay. - Ny avaratra hatr o Ambatomiboaka ary tafapaka amin'ny vodi-tanety ao Andalin-
39 drano (mbola velona ny anar n'io farihy io hoe Ampizaran-tany).

Hamadi-pomba ny terak'Andriantomponarivo sy Andriankafazaka tamin'ity fa Andriantomponarivo kosa no atsimo. Nanao zara harena angaha ka samy naka ny tiany. Tapaka ny nizaran'ny terak'Izy Telolahy ny tanimbary ao Fapango : fa Ankentana sy ny sampan-tsaha no sisa. Fapango no renivary ao amin'ny faritanin'Andrianamboninolona ka tsy maintsy nalamina tsara.

- b) Ankentana

Nanesorana ho an'ny terak'Andriantompoinolombelona Ankentana, vao nozarain' ny terak'Izy Telolahy. Amin'ny ilany andrefana no nanomezana azy, dia misy koa tanety kely eo andrefana nomba izao. Dia nozarain'ny terak'Izy Telolahy Ankentana, ka ny ta-

pany atsimo an'Andriantompoimanarivo, dia an'Andriankafozaka ; ary ny avaratry an'Andriantomponarivo.

Ny sampan-tsaha rehetra dia natoony sampanana fa toy ny tsy mihavana hoy izy raha tsy mifandia valam-parihy. Koa ny sampan-tsaha rehetra ao amin'ny Vakin'Antsahafary dia samy ananan'ny terak'Izy Telolahy afa-tsy ny ao Andrianimpanjaka izay vao nomisiny taoriana.

<u>Ny fonenan'ny terak'Andriantompoinolombelona</u> (zanak'anabavin'Andriamapito)

Fa ain'ny voalohany dia teo Faravohitra atsimon'Ambohitromby izy fa taoriana dia nifanaraka ny terak'Izy Telolahy sy Andriantompoinolombelona fa Ankadibe no homena azy. Ambohinomendraondriana no nataô anarany.

Dia tapaka tamin'izany fa ny atsimon'ny arabe atsinanan'Antonimbe, ary manaraka any Ambodivonaivo mianatsimo, dia manapaka ao avaratr'i Miadamana sy andrefan'ny saha Ankaivanja ; izany no fonenan'ny terak'Andriantompoinolombelona. Kanefa ny tanimbary tsy anatin'izany.

Ary dia nomena teo amin'ny tanànan'Ambohitromby ny terak'Andriantompoinolombelona. Tao amin'ny anjara tokotanin'Andriantompoimanarivo no nanomezana azy. Ao atsimon'Andriamanarivo ary avaratry ny an'Andriambavahady sy atsinanan'ny Andriankaradria ary andrefan'ny hady.

Izay no nifanarahan'ny razan'ny razana honenan'ny taranak'Andriantompoinolombelona.

<u>Andrianimpanjaka sy ny taranany</u>

Efa voalaza ny nahatongavan'Andrianimpanjaka taty amin'Andrianambonimolona, ny rohim-pihavanana nataô, ny tany nomeritan'ny terak'Andrianambonimolona ho an'Andrianimpanjaka sy ny taranany. Koa izao no faritanin'Andrianimpanjaka : Hatrao Antsentsindranobe dia miorika ny lohin-drano kely andrefan'i Tsaravelona ary voafetry ny hady ao Ambohimanarefo sy Angaminabory, ary manapaka ao Antsahafary. Dia mianavaratra any andrefan'Ambatoandriana sy Ambohibola ary mianavaratra ihany andrefan'Ambohibelola dia mipaka ao Antongombato, vao miantsinanana any Antanirarahaka ary mianatsimo manapaka an'Antanetilava dia any Antaninandro ary manapaka ny saha Marovolana dia tafahoana ao Antsentsindranobe.

Izay no tanin'Andrianimpanjaka nomen'ny terak'Andrianambonimolona rehefa tonga nanamory azy izy tamin'ny andron'Andriambolomasina mpanjaka teo Ambohimanga. Tsara sy mafy ny rohim-pihavanana nataon'ny razana tamin'ny nahatongavan'Andrianimpanjaka sy ny zanany. Ary dia nomena anjara tamin'ny tanàna Ambohitromby izy, ka

tanin'ny anjara tokotanin' Andriatomponarivo no nanomezana azy. Ao andrefana sy avaratra, an'Andriantomponjato ; ao atsinanana an'Andriamboatrandriana ; ao atsimo Andriankafazaka. Ary nomen'Andrianampoinimerina an'i Loavinandriana dia ny ampahefatry ny terak'Andrianimpanjaka napetrany ao Loavinandriana.

Ny nianavarates'ny sasany tanin'ny terak'Andriantomponarivo sy Andriankafazaka nankao avarabohitra vakin'Antsahafary.

41 Ny zanak'Andriantomponarivo dia Andriantomponjato ihany no nijanona ao atsimombohitra. Fa ny terak'Andriamboatrandriana sy Ramahazaka anabaviny ary Ramatoamanana zanany nankao Avarabohitra daholo. Ka izao avy no anjara taniny : Ambohimifonovato sy Andrainarivo ary Tsiazompaniry. Toy izao no mametra azy :

An'Andriamboatrandriana : Hatrao Andranomiady dia miorika amy Antandrokomby ary mankany Manjakana dia mankany andrefan'Ambohibolabe, ary miankandrefana any Antsahandahy ary iny atsinanandalana atsinanan'Ambohitrandriana, dia mihodina any Tsiazompaniry.

An'i Ramahazakafoloarivo : Vitsy ny taranany ka ety ny fariteniny, Ambohijanaka sy Ambohitsoa no azy, ary ny an'Andriamboatrandriana no mametra azy ao andrefana ; Antongombato no ao atsinanana ; ny saha ao atsimon'i Tsararay no mametra ao avaratra.

An'ny zana-dRamatoamanana : Fiaferana sy i Kilonjy no azy. Izy Telolahy nametraka azy teo ary lava ny tantarany ka ecka ny terak'Andriankafazaka ireo, nankao Avarabohitra, no holazaina aloha.

Efa voalaza etsy aloha fa sivy ny zanak'Andriankafazaka, ka ny telo no Ambohitromby, ny roa ao Ambohipiainana ary ny efatra nankao Avarabohitra. Koa ireto izy efa-dahy : Andriankafazaka nandimby ao Ambohimarina, Andrianaminarivo ao Ambohimanala, Andriambeharefo ao Loamanandray, Andriandahitompoina ao Ambohitsaratelo. Ambohitriniandriana no renivohiny, ary samy nanana ao ny terak'izy efa-dahy. Ary izao no fariteniny : Ny atsinanana dia mifanolotra amin'ny an'Andriamboatrandriana ; ny atsimo dia ny Vakin'Antsahafary ary mifanolotra amin'ny an'Andriamandambofotsy.

Ny tera-dRamatoamanana zanakavavin'Andriantomponarivo ary zafin'Andrianamboninolona. Tao Ratoamanana izy no nonina, tanàna izay notononina tamin'ny anarany. Eo andrefana atsimon'Ambatomanoina io fitoerana io. Ary nanambady tany avaratra izy ka niteraka roalahy : Andriantompompanarivo no anaran'ilay zokiny fa Andriandranofolo no anaran-jandriny. Nony efa lehibebe ireo zaza ireo, dia navarin'Andriantom- 42
pompanarivo ho aty aminy. Amin'ity raharaha ity dia hita ny halalinan-tsain'Andrian-

tomponarivo. Ny anjara-taniny ao atsimombohitra, dia kely fa Andriantomponjato ihany no ao. Andriamboatrandriana sy Ramahazaka an'anabaviny ireo nankao avarabohitra ; koa dia ety sady tarankaina Andrainarivo sy Ambohijanaka. Fa nitsinjo an'i Kilonjy sy Fiaferana mihitsy izy, satria tsy mbola nisy olona tao. Dia naveriny ny zafiny roalahy ireo zana-dRamatoamanana. Araky ny fomban-drazana koa dia an'ny ray amandreny mamoa-jazavavy ny zaza voalohan-teraka, ireo no ato hoe : Zaza ampy mihira.

Dia nentiny hanatona an'Andriankafazaka sy Andriantompoimanarivo ny zaza, ka hoy izy : "Naveriko ny zanako lehiretsy fa ratsy ny vitsy ; ka aiza no hametrahantsika azy ? Hanao ahoana fa indreo ny tanintsika i Kilonjy sy Fiaferana tsy misy olona ka raha aoka hipetrahany ?". Sahirana mafy ny hevitr'Andriankafazaka sy Andriantompoimanarivo nitady izay mety hatao tamin'izany. Ireto tany ireo tsy kely fa be ; tokony ho roa an-pahadimin'ny tany momba an'Ambohitromby ilay nangatahin' Andrianamboninolona tamin'Andriamanelo tao Alasora. Nanefa samy miteraka ihany, saingy mbola vitsy, ka raha mba ofa maro ny taranaka any aoriana, dia aiza no mba hitarana ? Fa nony nifampisaina izy Telolahy, dia izao no hevitra hita ka nifanarahana : "Zafinao ireo Andriantomponarivo, hoy Andriankafazaka sy Andriantompoimanarivo, fa zana-dRamatoamanana, ka raha ho anao irery dia tsy okenay hanana an'i Kilonjy sy Fiaferana ary ny tany momba azy. Fa aoka ho zanatsika telolahy izy, ka hatsangantsika amin'i Kilonjy sy Fiaferana ary ny tany momba azy. Nanefa raha tsy hampitovy antsika telolahy, fa hanao tombo sy hala, ka hiandany amin'ny anankiray raha misy rahoraha miseho na an-kasoavana na an-karatsiana ; ary indrindra ka hanao hoe : Koa tsy Andriantomponarivo va no raiko ? Ary hanary an'Andriankafazaka sy Andriantompoimanarivo, na soa azony na ratsy manjo azy, dia osorina amin'i Kilonjy sy Fiaferana ary ny tany momba azy raha manao izany, na dia mandrakizay doria
43 na mandrakizay alaovalo aza raha mbola misy koa ny taranantsika telolahy".

Tapaka tamin'izany, ka dia natsangan'Andriantomponarivo sy Andriankafazaka ary Andriantompoimanarivo, Andriantompompanarivo sy Andriandramofolo amin'i Kilonjy sy Fiaferana ary ny tany momba azy.

Ary izao no faritry ny tany momba an'i Kilonjy sy Fiaferana :

Tsararay dia mankany Ankerana, Ambatotorahana sy Tohiloha, dia Ambohijafy sy Vangaina. Izay no mamaritra azy ao atsimo.

Dia mianavaratra manapaka an'Ampivalanana ka any atsinanan'i Tsiazompaniry sy Ambohimasina sy Anosimanjaka ary Ambohitribabo sy Bongatsara dia tapaka ao Andriambony. Izay no mametra azy ao atsinanana ka mampisaraka azy amin'i Trimoloharano. Ary misompirana andrefana atsimo, ka miloha tapenaka no fialany ao Andriam-

bony, dia atsinanan'Ambatonosy ka manapaka an'i Tsarahovary, dia any Ampantaka sy Andriankely ary any Bengodona sy Avaradoha, ka mankany Manankasina dia tafahodina ao Tsararay.

Ary izao no nizaran'izy mirahalahy an'i Kilonjy sy Fiaferana ary ny tany momba azy : Indreo no am-bavahadin'i Kilonjy ny orim-bato nataon'izy mirahalahy, ny avaratra an'Andriantompompanarivo zokiny, ary ny atsimo an'Andriandranofolo zandriny. Fiaferana koa dia toy izany no nizarany azy.

Ary ny tany momba an'i Kilonjy sy Fiaferana dia nosasahiny, ka ny avaratra an'Andriatompompanarivo ary ny atsimo an'Andriandranofolo.

— 0 —

44 Fizarana f a h a d i m y

Ny rohim-pihavanana natao n'ny terak'izy Telolahy.

Ny sasany milaza fa raha vao hizara ny tany ny razana no nanao io rohim-pihavanana io. Fa ny sasany kosa manao hoe : Voazara ny tany vao nanao rohim-pihavanana izy. Manefa raha dinihina ny tantana natao ny tao Ambatonamelankafatra (izay mbola haseho eto aoriana) dia efa vita ny fizarana ny tany vao natao fanamafisana na fanamarinana ny raharaha vita ny fianianana natao tamin'ny rohim-pihavanana.

Misy fitoerana enina nanaovana izao fanekena izao, ka ny telo ao amin'ny anjara tanin'Andriantomponarivo ary ny telo ao amin'ny anjara tanin'Andriantompoimanarivo. Fa tao amin'ny taniny Andriankafazaka tsy mba nanaovana.

Tao Namorohana izy no niantomboka voalohany. Vorika no natao teo, ka i Namorehana no heviny. - Izao no fanekena natao rehefa noheveriny ny ho fitondrana ny tenany sy ny taranany, sady fomban'ny olona taloha izany, satria mbola vitsy izy ka tsy maintsy manao fihavanana amin'ny olona manodidina hazoana mitoetra tsara ka indrindra fa zanak'olona iray izy.

Dia nikambana tao Namorohana ny terak'Izy Telolahy zanak'Andrianambonino-lona, ka nifanaiky fa hiray fileovana, hiray fitondrana aman-doloha na amin'ny mora na amin'ny sarotra, na ny ratsy anjo na ny soa azo, dia tsy mifanary. Ary nasiana tsitsika sy ozona raha misy mandrava izany. Ao amin'ny faritanin'Andriantompoimanarivo io fitoerana io, ary zara tanin'Andriamanimanarivo. Namorohana no natao ny anaran'io mandrak'ankehitriny.

Nifindra tao avaratra andrefana indray ny terak'Izy Telolahy, ka nanao fanekena hoe : Na dia vita mafy aza ny fanekentsika tao Namorehana ka nasiana ozona sy sahato izay mivadika sy mandrava izany ; ary misy kosa mamaky tany sy mandra-

45 va sivana amin'ity tany ity, ka manao heloka amin'ny fanjakana, ary manao ratsy amin'ny tany onenana, dia tsy itiavantsika vady aman-janaka ary tsy andalantsika olon-tiana. Fa tsy hovonoina izany, ka hiara-manosika sy manolotra amin'ny fanjakana. - Ao amin'ny faritanin'Andriantompoimanarivo ary amin'ny zara-tanin'Andriankaradria io fitoerana io, ka Ambatotsimiantranimeloka no anarany.

Nifindra nianatsimo nankao an-joro atsinanana atsimo amin'Ambohitromby ny terak'Izy Telolahy. Dia nanao fanekena fa tsy hiara-rendrika amin'ny tsy marina na amin'iza na iza. Ary nasiana tsitsika sy ozona koa raha misy mivadika amin'izany.

Dia Antsilamahana no anaran'io fitoerana io avy amin'ny faritanin'Andriantonarivo sy zaratanin'Andriantomponjato.

Ary nankao am-bavahady atsimo ny terak'Izy Telolahy, ka nanorina vato roa, ny iray an'Andriantomponarivo ary ny iray an'Andriantompoimanarivo. Toy ny amin'ny tanàna ihany ny laharana, fa ny an'Andriantompoimanarivo no avaratra ary ny an' Andriantomponarivo no atsimo sady lava kokoa. Dia nanao izao lahateny izao hoe, izy : "Raha Andriantomponarivo no hanao hoe : Zoky aho sady lehibe, ka hamosika sy hanery ny zandry. Ary Andriantompoimanarivo kosa no hanao hoe : Izaho no avaratra, ka andriana na andriandrazana kokoa, ary hifampiavona sy hifampitsiko. Fa ny zanaka no miarahaba ny ray ; ary ny zandry miarahaba ny zoky." Dia natao indray ny tsitsika sy ny ozona raha misy manao izany, ka dia samy niaiky fa hitana izany ny terak'Izy Telolahy. Ambatoniziroalahy no anaran'io toerana io.

Amin'ireo fanekena efatra vita ireo, dia tao amin'ny faritanin'Andriantomponarivo sy Andriantompoimanarivo ihany no nanaovana ireo ; fa tsy mba nisy natao tamin'ny faritanin'Andriankafazaka. Koa dia toy ny zaza nentin-jo Andriankafazaka, ka mpitana ny azon'ny vaventy. Nipetraka tamin'ny fahatsorana tao izy, fa tsy mba nanano-sarotra tamin'ny fifanarahan'izy telo mirahalahy.

Ary dia niakatra tao afovoan'ny faritry ny tanànan'Andriantomponarivo ny
46 terak'Izy Telolahy. Vao tamin'ity Andriankafazaka no nanana ray mahaleotena, kanefa tsy mba nisy natao tamin'ny anjara tokotany.

Nitondra vato iray avy izy ka nalahany araky ny fizarana ny tanàna. Dia nanohy ny teny nataony tao am-bavahady atsimo ihany no nataony fa Andriankafazaka no tafiditra koa. Ny hitovian'ny Terak'Izy Telolahy no nohamafisina tamin'ny fanekena, ka nasiana ozona ny manadika izany. Dia Ambatomitovy no natao anaran'io fitoerana io. Vita izao ny rohim-pihavanana sy fanekena nataon'ny terak'Izy Telolahy ka dia tsangambato ho fahatsiarovana ny fanekena vita no sisa hataony.

Dia nirava tao Ambatomitovy ny terak'Izy Telolahy, ka niomana hitarika vato lava hatao tsangambato. Andro lehibe sy firavoravoana tamin'ny terak'Izy Telolahy ny nanaovana ity tsangambato ity sy ny teny natao tao. Novoriana hatramin'ny zaza amim-bohivavy tamin'ny fitarihana sy nanangana io vato io, ary hihaino ny farateny tamin'ny rohim-pihavanana natao. Tsy mba nanana boky napetraka ny razana, ka dia ny mivory amarosany handre no nataony, ary izany no nataony hoe : Arivolahy tsy maty indraiandro.

Nitarika ny vato lava lehibe izy ; ka nony tonga io vato io, dia nivory ny terak'Izy Telolahy tamin'ny fanorenana azy. Samy nitondra omby hovonoina izy, rehefa tonga sy voaorina ny vato. Naverina daholo ny teny rehetra natao tao Namorohona sy Ambatotsimiantranimeloka ary Antsilamahana sy Ambatoniziroalahy ary Ambatomitovy. Notsarovany daholo ireo rohim-pihavanana tiany hotanan'ny taranany,

ary nambarany koa ny tsitsika aman'ozona hihatra amin'izay manadika ireo. Koa dia samy faly sy nanaiky tamin'ny fihobiana ny terak'Izy Telolahy, fa hitandrina ireo voalaza ireo.

Nony vita izany, dia nirava ka nikasa hamono ny azy amin'izay tiany avy ny omby. Fa taitra ny olon-kendry ka nanao hoe : Vaky sahady ary ny tany ; ka hara-hin'ny taranatsika izao ! Nahoana no terak'olona iray ka tsy hifampizara ny manta, ary tsy hiara-mihinana ny masaka ? Niaiky ny be sy ny maro fa marina izany. Dia samy
47 noverina ny omby, ka natao tatana no fizara azy. Novonoina ny an'Andriantomponarivo ka natao telo toko ; ary Andriantompoimanarivo no naka voalohany, dia Andriankafaza-ka no naka faharoa fa Andriantomponarivo tompon-tatana no fahatelo.

Dia novonoina kosa ny an'Andriankafazaka, ka noteloina koa : Andriantompo-narivo no naka voalohany, ary Andriantompoimanarivo no naka faharoa, ary Andrianka-fazaka tompon-tatana no fahatelo.

Ary novonoina kosa ny an'Andriantompoimanarivo, ka notelo ina. Dia Andrian-tomponarivo no naka voalohany, Andriankafazaka no faharoa ary Andriantompoimanarivo tompon-tatana no fahatelo.

Vao izay no afa-po ny terak'Izy Telolahy fa nifanaraka amin'ny rohim-pihava-nana nataony. Ambatonamelankafatra no nataony anarana'io vato io satria ho fahatsia-rovana ny rohim-pihavanana nataony. Tsy nanadino izany ny terak'Izy Telolahy, fa raha misy Kodrazana miseho ao Ambohitromby renivohiny dia fomba arahina mandrak'an-kehitriny izany.

Ao Ambohitromby Ambatonamelankafatra ; ary amin'ny faritanin'Andriantom-poimanarivo sy eo amin'ny zara-tanin'Andriamandambofotsy.

— o —

48 **F a m a r a n a n a**

Mety mihitsy mba ho famaranana ity Tantaran'Andrianamboninolona ity raha lazaina anarana ny terak'Andrianamboninolona, vato nasondrotry ny tany, ho mariky ny fisian'ny fahasoavana azon'ny taranaka izay nandroso mihamaro.

Hozaraina toko roa no filaza azy, mba hisian'ny fahazavana sy ny filaminana. Ny toko voalohany, momba ireo zokiolona dia natoon'Andrianamanantsiety ihany. Ny toko faharoa kosa momba ny taranaka ankehitriny, izay ilan-tsiny tokoa, raha misy tsy voalaza, noho ny anarana tsy voatolotra anay, dia nataonay zafin'Andrianamanantsiety.

## I. - Tamin'ny tany malagasy.

a) Noho ny herim-po sy fitiavana ny hisoroan'ny fanjakana dia ny taranak'Andrianamboninolona no nanafika voalohany nampandry tany tamin'ny andron-dRalambo. Andrianjaka no nitarika ny vahoaka sy ny terak'Andrianamboninolona, raha niady ka nandresy ny Lavasalaka izy. Fahavalo avy amin'ny Sakalava sy ny Sihanaka ary ny Bezanozano nitambatra ireo. Tsy mba nandeha tamin'io ady io Andriandranando sy Andriantompokoindrindra. Fa araka ny filazan'ny mpitantara dia narary Andrianadranando tamin'io andro io ; fa Andriantompokoindrindra mbola namono ny telo noho dimy tamin'ny fanorona. Andrianamboninolona irery no nandeha tamin'io tafika io, raha nitady hiakatra an'Ambohitrabiby ny Lavasatroka.

Ary rehefa tafaverina ny miaramilan'Andrianjaka, dia faly, hono, Ralambo ka niteny hoe : "Inona izao horakoraka izao ?" - "Andrianjaka sy Andrianamboninolona avy nandresy ny Lavasatroka", hoy ny olony. Dia hoy ny Mpanjaka : "An'ny terak'Andrianamboninolona ny fanjakana". Izany no nanjakan'Andrianjaka, sady fanatanterahana rahateo ny teny napetrak'Andriamanelo.

b) Mbola nitohy tamin'ny andron'Andrianampoinimerina izany herim-po sy fanoavana fanjakana teo amin'ny terak'Andrianamboninolona izany. Koa ny tafika rehetra nalefa hampandry tany dia nisy azy avokoa. Hamarinin'ny fizarana faharoa amin'
49 ny tantara izany, fa ny lohombitany valisoa nomen'Andrianampoinimerina dia vidin-kasasarana sy hatsembohana.

d) Tamin-dRadama I kosa dia efa maro ny vahoaka, ary nahamora ny ady nifanaovany tamin'ny foko samihafa izany. Teto dia niova indray ny valisoa azo tamin'ny mpanjaka rehefa avy nandresy. Tsy mba fanjakana tahaka ny tamin'ny andron-dRalambo, na tany toy ny tamin'Andrianampoinimerina, fa voninahitra. Tsy latsaka noho ny foko hafa rehetra akory ny terak'Andrianamboninolona tamin'izany, ka betsaka no

niravaka ny mari-boninahitra nomen'ny fanjakana. Nitohy hatramin'ny farany izany fomba fanomezam-boninahitra izany. Ary ireto holazaina manaraka eto ny terak'Andriamamboninolona ambony teo amin'ny fanjakana noho ny herim-pony sy ny soa vitany :

14 Voninahitra :

1 - Rainitsizafy, 2 - Andriantavy, 3 - Andriamifidy, 4 - Rajoaka.

13 Voninahitra :

1 - Rainizanoa, 2 - Andriamananakilana, 3 - Andriambandà, 4 - Rainisandilisy, 5 - Ramananatsoa, 6 - Andrianahatrarana, 7 - Ratsimizehy, 8 - Andriamanantsiety, 9 - Ramaniraka, 10 - Ramboamahamanina.

12 Voninahitra :

1 - Andrianaivoravelona, 2 - Ramboaniraindrabiaza, 3 - Ramboaniraindrasarodrasaina, 4 - Razakafidy, 5 - Ramboamavondrabefandranto, 6 - Ramboasolo, 7 - Rafaralahimanahana, 8 - Andriantsirahonana, 9 - Ramonta, 10 - Andriamihamina, 11 - Rabanona, 12 - Rainitoviarivo, 13 - Rainialiberitra, 14 - Raininjiva, 15 - Andriamahatana, 16 - Rainibevovonana, 17 - Ramanitranja, 18 - Rakotofiringa.

11 Voninahitra :

1 - Rainisoasehono, 2 - Rainimiandrisoa, 3 - Rainitahina, 4 - Rainisoaray, 5 - Ramboandravelonafo, 6 - Andriamanambahy, 7 - Rafaralahimiadamanana, 8 - Ratsitatanina, 9 - Rabenjamina, 10 - Andriantsimanahimanana, 11 - Andriamanjava, 12 - Andriamasy, 13 - Rakotofiringa, 14 - Rakotoniraïny.

<u>Minisitry ny Ati-tany</u> : Rainizanoa

<u>Mpitsara</u> : Rainikotomalala — Rainizanamavo
Rakotomavo — Rambelo (vinanton'Andrianaivoravelona)
Ratefy — Rakotovao (mpitsara hatramin'ny andro vazaha)

Satria efa nianatra koa ireo razana taloha sy ny zokiolona, ka dia ireto ireo nasondrotra noho ny fahaizany :

<u>Mpitandrina nivoaka tamin'ny Kolejy voalohany</u> : Andrianaivoravelona, Pasteur Aumônier de la Reine, Andriamanantsiety, Evenjelista.

<u>Mpampianatra anisan'ny Efapolo lahy</u> : Andriamihamina, Mpampianatra an-dRanavalona III, Andriamanantsiety, Rakotomanga.

Dokotera : Rakotomanga.

Dentiste : Razoson sy Andriamanantena.

Mpanefy : Ramanoelina. Mpanefy volamena sy Firavaka : Randriambao sy Andriamanantena, mpiombiasan'ny zanany Joseph sy Daniel Andriamanantena.

Mpiasa voalohany tamin'ny Postes : Ramiandrisoa.

II. - Amin'izao Fanjakana Frantsay izao :

Tsy azo hodian-tsy hita, sady famporisihana ny taranaka rahateo, ka tsy maintsy lazaina eto amin'ity famaranana ity ireo terak'Andrianamboninolona miravaka mari-boninahitra sy mari-pahaizana amin'izao fotoana itondran'i Frantsa an'i Madagasikara izao.

a) Koa hasesintsika amin'ireo manana mari-boninahitra :

51 Manana Légion d'Honneur : Itompokolahy Renaivo Joseph
id Razafindramboa Georges
id Razafindramboa Henri
id Rabeson Charles
id Raharivey Charles
Mme Ranorosoa, Officier
M. M. Réallon, Commandeur
Rajaona, Chevalier
Andrianome Louis, Chevalier
Ralambo Philippe, id
Ramboasolo id
Rajaonarivelo Auguste id
Rajoelisarivony id

Folonalindahy Manamboninahitra : Itompokolahy Randriantsimitahy, Lieutenant; Andriamampianina Maurice, Médecin Capitaine ; Samuel Rabetafika, Lieutenant Médecin; Roland Rabetafika, Officier sortant de Saint-Cyr.

Membres de l'Académie Malgache : Itompokolahy Andriamanantsiety
id Rabary
id M.M Réallon
Joseph Rabetafika
Rajaonarivelo Auguste

Officier d'Académie : M.M. Joseph Andrianaivoravelona, Jules Ravinosoa, Albert Rabetafika, Ratefiarison

Officier de l'Instruction Publique : M. Rajaonarivelo Auguste, Notaire : Adrien Henri Ramboa.

b) Ireo manana maripahaizana ambony :

52 Docteurs en médecine : Rakotomalala Philippe, Rakotomihamina Philippe, Andrianirina David, Andriamampianina Maurice.

Docteur ès-Lettres : M. Ratefiarison

Licencié ès-Lettres : M. Ranjalahy Philippe
Rabetafika Blaise

Licencié en droit : Me Rakotobe René

Ingénieurs : Désiré Robson, Rajoharison Félix, Ratsimba Etienne

Bacheliers : Itompokolahy John Razafindramboa,
id Rabenorosoa Samuel,
id Jacques Raminosoa,

Mme Rakotoariso (Isabelle Razafintsalama), Mlles Razafintsalama Nelly, Rakotonisetra Haly, MM. Rakotoarisoa, Rabetafika Roland, Razafintsalama Jean Martin, Razafintsalama Raymond, Ramamonjy Thomas, Rasolomanana Jean Louis, Rahamefy Daniel, Rakotomihamina Samuelson, Andrianamihamison Samuel, Andrianome Louis, Archidiacre ; Andriamalala Rahamefy, Pasteur ; Ramiandrisoa Maurice, Pasteur ; Ravelomahina Marie Joseph.

Diplôme des Beaux-arts : M. Joseph Andrianaivoravelona, Pasteur

Diplôme de l'Institut de Hautes Etudes cinématographiques : M. Rajoharison André

Pharmacien : Daniel Rakotondrainibe

d) Loitandrina sy Mpampianatra nalefa hianatra tany andafy :

MM. Rabary, Joseph Rabetafika, Joseph Andrianaivoravelona.

e) Ireo mbola mianatra any andafy :

Mlles Rasendramalala Louise, Raharisoa Jeanne, Rasoamanarivo Philippe Claire, Randrianirina Gilbert, Rajaonarivelo Rasoavololona Hélène, Razafinjatovo Jeanne,

53 MM. Razafintsalama Jean Martin, Andriami Ranivosoa Louis, Rajoarivelo Philippe Raymond, Andrianjaka, Razafimbandà William, Razafimbandà Eugène, Rakoto Parson, Ravoajanahary René, Ramaniraka Josoa, Andrianaivoravelona Andriamihamina, Rafidison Auguste, Ramamonjy Bertrand, Raharinaivo Jean Emile, Henri Randriambololona, Marcel Rabetokotany, Jules Rabetokotany, Razafinimanana, Rabeson, Rajaobelison Armand, Andrianinahy Edmond, Andrianirina Max Honoré, Ranaivoravelona Josoa, Robert Georges,

Rafidison Bernardin, Robert Henri.

f) Anisan'ny Mpitandrina amin'ny Reni-Fiangonana 10, Antananarivo.

Itompokolahy Andrianaivoravelona, Amboninampamarinana,

id Rabary, Avaratrandohalo,

id Raindratavy, Ambavahadimitafo,

id Rakotovao, Analakely,

M.M. Joseph Rabetafika, Ambatonakanga,

Andriamasinoro, Amparibe,

Joseph Andrianaivoravelona, Isotry.

g) Mpanoratra boky, gazety sy tonon-kira :

Itompokolahy Rabary

id Jacques Andriantsilavo

id Razafimahefa Dondavitra

54 M.M. Rajaonarivelo Auguste, Antoine Rakotovao, Jules Raminosoa, Rantoandro Nestor, Joseph Rabetafika, Joseph Andrianaivoravelona, Ramahazomanana Arsène, Mme Céline Ramamonjisoa.

h) Mpamorona feon-kira sy teatra : M.M. Joseph Razafy, Rajaonah Tselatra (sady mpanoratra), Rajaona Etienne (sady mpanoratra), Ravelonahina Edmond, James Andriamasinoro, Rakotoarivony.

Araka ny voalaza ary amin'ny fanombohana ny famaranana dia mbola miala sa-lohy fito indrindra amin'ny ray aman-dreny sy zoky ary ny zandry mahaleo mahalasana izahay raha dia voafetra loatra ny lista amin'ny anaran'ireo efa voatonona, ho toy ny tapian'ny voninahitra iombonana, iarahantsika mianakavy manana sy mifaly. Maro loatra mantsy ny anaran'ireo olomangan'Andrianamboninolona, antoky ny fanasoavana sy fampandrosoam-pirenena ao amin'ny Services samihafa, toy ny Administration générale, ny Postes, ny Travaux Publics, Service Topographique, Justice, Santé, Domaines, Trésor ary indrindra ao amin'ny Fampianarana, ets..., ets... Koa dia mba hiononana amin'ireo isika.

Ny hany irina sady antenaina dia ny mbola hisondrotan'ny taranaka ato ao-riana amin'ny ANBONY kokoa mandrakariva, fa "izay adala no toa an-drainy". Dia hoadia tokoa ara-bakiteny ilay anaran-tsoa lalaintsika rehetra : ANDRIANAMBONINOLONA.

——— o O o ———

## FANOROANA-PEJY.


pejy

Iza moa Andrianamboninolona ? .............................. 1
Andriamanelo sy Andriamananitany.......................... 4
Andrianamboninolona sy Ambohitromby.......................... 5
My Fanambadian'Andrianamboninolona........................ 8
Ambohitrandriananahary...................................... 10
Ambohitromby............................................... 11
Antananarivo............................................... 14
Ambonilona............................................... 16
Ankadindramamy............................................... 17
Isoavinimerina............................................... 18
Isoavinandriana............................................... 18
Ambohidanerana............................................... 19
Ambatomena............................................... 19
Ambohitromby............................................... 22
Androhibe............................................... 23
Fiaferana............................................... 23
Ambatomanga............................................... 24
My Zanak'Andrianamboninolona.............................. 26
Andriantomponarivo............................................... 26
Ramahazakafoloarivo............................................... 27
Andriankafazaka............................................... 27
Rambavy............................................... 27
Andriantompoimanarivo............................................... 27
Ratsitoinomanjaka............................................... 28
Andrianimpanjaka............................................... 28
Andrianimpito............................................... 29
My mpanjaka avy tamin'ny taranak'Andrianamboninolona...... 30
My fizarana ny tany momba an'Ambohitromby................ 33
Fonenan'ny terak'Andriantompoinolombelona................ 39
Fonenan'ny terak'Andrianimpanjaka........................ 40
Avarabohitra............................................... 40
My rohim-pihavanana............................................... 44
Manamboninahitra tamin'ny tany Malagasy.................. 48
Ireo olo-mahay
Ireo manana mari-boninahitra amin'izao fitondrana
Frantsay izao............................................... 50
Ireo manana mari-pahaizana ankehitriny.................. 51
Ireo terak'Andrianamboninolona any andafy................ 52